

International Institute of Christian Ministries

CRE 102

Foto-kevitra ny Fampianarana

Tari-dàlana ho an'ny Mpampianatra/Mpanentana
Nosoratan'i Larry D. Burton, PhD
Andrews University

Famariparitana ny fanofanana

Ny fampianarana ireo fitsipika sy ireo tantara ara-Baiboly ary ny fampiharana izany eo amin'ny fiainana andavanandro dia zava-dehibe iankinan'aina tokoa eo amin'ny fitarihana ireo ankizy ho eo amin' i Kristy. Hodiniana ato amin' ity fanofanana ity ny momba ny fitsipi-pampianaran'i Jesosy miaraka amin'ny fijerena ireo sori-dalana arahana eo amin'ny fampianarana/fianarana ary ny fampiharana ireo fomba fampianarana. Hohalalinina ny momba ireo modely fampianarana sahaza ny taona isan-tsokajiny.

Boky nanovozan-kevitra

Nosoratan'i Habenicht, Donna & Burton, Larry. (2004). *Teaching the faith: An essential Guide to Raising Faith (Mampianatra ny atao hoe Finoana: tari-dalana lehibe anankiray hikorokoloana 'ny finoana)-shaped Kids (ho an'ankizy)*, Hagarstown, MD: Review & Herald Publishing Association. *How to Teach the Bible with Power (Ahoana no fomba ampianarana amin-kery ny Baiboly)*,

nosoratan'i Charles H. Betz

White, Ellen G. (1952). *Education (Fanabeazana)*. Pacific Press Publishing Association.

Nalaina tao amin'ny Internet:

Teaching the Faith companion Website -- <http://www.andrews.edu/~burton/ttf/>. (Loharanon-kevitra tena tsara ho an'ny famelabelarana sy ny vakiteny fanampiny.)

CIRCLE—ivon-toerana Advantista mpanangona sy mpampielely vaovao, hitrandrahana ny momba ny fampianarana sy ny fianarana. <http://circle.adventist.org>.

Tanjona

Ity tari-dalana ity dia voalamina hanana fizarana telo: ireo fototra iorenana ny fampianarana, ireo tontolo manodidina ny fianarana ao an-dakilasy, ary ireo fomba fototra fampidirana ny fampianarana. Ireo tanjon'ny fianarana ho an'ny fizarana tsirairay dia ireto manaraka ireto:

1. Ireo fototra iorenana ny fampianarana

1.1. Manorata filozofia anankiray manokana momba ny fanabeazana.

1.2. Porofoy ny fahafantarana ny fisian'ireo fomba sy karazana fianarana maro samy hafa

1.3. Fantaro ny fomba fianaranao manokana

1.4. Fariparito ny momba ny ankizy iray ao amin'ny Sekoly Sabata misy anao eo amin'ny fomba fianarany

1.5. Hazavao ny hevitra ny hoe: “Ireo Fitsipi-pampianarana Mifantoka amin'ny Mpianatra”, izay voaboasan'ny “Fikambanana Amerikana mandinika ny ara-tsaina” (APA: American Psychological Association) ho an'ny fampianarana ao amin'ny Sekoly Sabata

1.6. Misokajia fanontaniana sy/na fampiasana izay mifanaraka amin'ny anaran'i Bloom

2. Ireo tontolo manodidina ny fianarana

2.1. Manomeza tolo-kevitra dimy mba hamoronana rivo- piainana ao am-pianarana mitovy amin'ny an'i Kristy

2.2. Manangàna drafitra hanorenanao fifandraisana tsara amin'ireo ankizy ao amin'ny Sekoly Sabata misy anao sy ireo ray aman-dreniny

3. Fomba fampidirana ny Fampianarana

3.1. Asehoy ny fomba fampianarana ny zava-misy marina sy ny foto-kevitra mipetraka samy hafa

IICM Tari-dalana momba ny fanofanana – Fitsipika momba ny fampianarana

3.2. Asehoy ny fomba fampianarana amin'ny alalan'ny fampiasana tantara

3.3. Asehoy ny fomba fampianarana amin'ny fampiasana fanontaniana sy fifanakalozan-kevitra

3.4. Manomeza ohatra maromaro momba ny fifandraisan'ny Baiboly amin'ny fiainana andavanandro

3.5. Asehoy ny fomba fampianarana amin'ny fampiasana rafitra tsotra fiaraha-mianatra

Drafitra ao anatin'ny taridalana

1. Ireo fototra iorenan'ny fampianarana

1.1. Filozofia

1.1.1. Ontolojia

1.1.2. Epistemolojia

1.1.3. Aksiolojia

1.1.4. Modelina fampiasana piozila

1.1.5. Modelina fizarana asa sy fanombanana ny asa vita

1.2. Fiheverana momba ny fianarana

1.2.1. Vinavinan-kevitra momba ny fahaizana maro isan-karazany

1.2.2. Ireo fomba fianarana (modes)

1.2.3. Ireo toetra manokana rehefa mianatra (styles)

1.3. Ireo fitsipi-pampianarana mifantoka amin'ny mpianatra, APA

1.3.1. Ny toetry ny sori-dalana arahana eo amin'ny fianarana

1.3.2. Ireo tanjon'ny sori-dalana arahana eo amin'ny fianarana

1.3.3. Fanorenana ny fahalalana

1.3.4. Eritreritra voakajikajy tsara

1.3.5. Fieritreretana momba ny eritreritra (metacognition na fihitaran'ny fahalalana)

1.3.6. Tontolon-kevitra manodidina ny fianarana

1.3.7. Ireo hery miasa mangina eo amin'ny fianarana, araka ny antony manosika sy ara-pihetseham-po

1.3.8. Faniriana ao anaty te hianatra

1.3.9. Ireo vokatry ny fahazotoana eo amin'ny ezaka atao

1.3.10. Ireo hery miasa mangina ara-pandrosoana, eo amin'ny fianarana

1.3.11. Ireo hery miasa mangina ara-piaraha-monina, eo amin'ny fianarana

1.3.12. Ny fahasamihafan'ny tsirairay eo amin'ny fomba fianarana

1.3.13. Ny fianarana sy ny maha-maros isan-karazany azy

1.3.14. Modely sy fitsarana

1.4. Fanasokajian'i Bloom

1.4.1. Ireo ambaratongan'i Bloom sy ireo karazam-pahalalana fototra

1.4.2. Ireo matoantenin'i Bloom sy ireo vokany

2. Fampianarana ireo fitsipi-pampianarana avy amin'i Kristy

2.1. Fametrahana tontolo manodidina ny fianarana

2.1.1. Tontolo azo tsapain-tanana

2.1.2. Tontolo ara-pihetseham-po

3. Ireo fomba fampidirana ny fampianarana

3.1. Fampianarana ireo zava-misy marina sy ireo ara-keviny

3.1.1. Fanorenana fifankahazoana

3.1.2. Fampifanarahana ny fianarana vaovao amin'ny fahalalana teo aloha

3.1.3. Fanagonam-pahalalana

3.2. Fampiasana ireo tantara

3.2.1. Mifantena tantara lehibe iray

3.2.2. Ianaro ilay tantara

3.2.3. Mifidiana tohan-kevitra maromaro

3.2.4. Manaova fampiharana amin'ny feo mafy

3.2.5. Ataovy izay hampifantoka tsara ny mpianatra

3.2.6. Tantarao amin'ny filaharany mazava tsara ireo tranga lehibe

3.2.7. Ataovy izay hahatsotra sy marina ny fahenoana ny tantara

3.2.8. Farano eo amin'ny mahaliana indrindra sy mandresy lahatra indrindra ny tantaranao

3.2.9. Asao ny ankizy hifanakalo hevitra momba ny tantara

3.2.10. Zava-dehibe ny vavaka

3.3. Fanontaniana sy fifanakalozan-kevitra

- 3.3.1. Mandrafitra ireo fanontaniana mety
- 3.3.2. Ireo tetika mba hampahazoto amin'ny fifanakalozan-kevitra ao amin'ny Sekoly Sabata
- 3.4. Ny fototry ny fahaiza-miara-mianatra
 - 3.4.1. Fiaraha-miasa, fa tsy asa miaraka
 - 3.4.2. Ny fiaraha-miasa ao amin'ny Baiboly
 - 3.4.3. Ireo rafitra tsotra momba ny fiaraha-mianatra

Fizarana 1: Ireo fototra iorenan'nyfampianarana

1.1. Filozofia

Ny hevitra manokan'ny mpampianatra iray (na ny filozofiany) momba ny fanabeazana, na hainy ny maneho izany na tsia, no mifehy izay lazain'ilay mpampianatra sy izay ataony ao anatin'ny sori-dalan'ny fampianarana. Ny tanjon'ity fizaran'ny fanofanana ity dia ny hanampy ireo mpampianatra hahazo tsara sy haneho mazava ireo finoana tanany momba ny fahamarinana, ireo loharanom-pahalalana, ny toetra maha-olombelona, sy ny hoe inona no manan-danja. Amin'ny farany dia izay maharesy lahatra ilay mpampianatra momba ireo sehatra fototra ireo no hanampy azy hamaritra hoe inona no ampianarina sy hoe ahoana no hampianarana ireo ankizy ao amin'ny kilasiny. Ny tanjon'ity fizaran'ny fanofanana ity dia ny mba hanoratan'ny mpampianatra tsirairay fohy ny heviny manokana (filozofiany) momba ny fanabeazana. Ireo ady hevitra eo amin'ny filozofia matetika dia mifantoka amin'ireo sehatra manodidina ny fahamarinana, ny zava-misy, ary ny hoe: inona no manan-danja. Ireo sehatra ireo dia anisan'ny tena zava-dehibe tokoa ho an'ireo mpanabe kristiana ary manampy antsika hamaritra ny tanjon'ny asa fanabeazana ataontsika. Ireo fanambarana mikasika ny filozofian'ny fanabazana dia mahafaoka manokana ireo fanambarana mikasika ny fiheverana momba ny zava-misy/ny toetra maha-olombelona (ontolojia), ny fahamarinana/ireo loharanom-pahalalana (epistemolojia), ary ny momba ny lanjany (aksiolojia). Ny momba ny tsirairay avy amin'ireo dia voambara fohifohy etsy ambany.

1.1.1. Ontolojia: ny Ontolojia dia mikasika ny toetry ny zava-misy eto ambonin'ity tany ity. Ireo fanambarana ontolojika dia maneho ny fiheveran'ny tsirairay momba ny toetra maha-olombelona, ny tontolo “misy marina”, ary ny fomba ifandraisan'ny olombelona amin'ny tontolony na izy samy izy. Ireo fanambarana ontolojika ao anatina fanambarana filozofika manokana iray momba ny fanabeazana dia mifantoka mankany amin'ny toetry ny ankizy sy ny fomba fiantraikan'izany eo amin'ny sori-dalana fampianarana sy fianarana.

1.1.2. Epistemolojia: Ny epistemolojia dia fianarana ny momba ny fahamarinana, mahafaoka ny hoe ahoana no ahafantarana hoe inona no marina. Ny epistemolojia dia mikasika ihany koa ny fomba hamantarana ireo loharano nipoiran'ny fahalalana. Ao amin'ireo fanambarana manokana momba ny filozofia, ireo fanambarana epistemolojika dia mikasika ny fanatrehana ny toetry ny fahalalana – avy aiza ny tena fahalalana marina sy ny hoe ahoana no ahafantarantsika hoe inona no marina.

1.1.3. Aksiolojia: ny aksiolojia dia mikasika ny fahatsarana (estetika) sy ny fahaiza-manavaka ny tsara sy ny ratsy (etika). Ny fanambarana aksiolojika dia maneho ireo fiheveran'ny olona iray momba ny hoe inona no tsara, inona no manan-danja, inona no rariny, ary inona no fitondran-tena “ara-moraly”. Ny aksiolojia ao anatina fanambarana filozofika manokana momba ny fanabeazana dia mifantoka mankany amin'ny hoe inona no tena tokony ho fantatra, tokony hampianarina, ary tokony hianarana.

1.1.4. Modelin'ny fampiasana piozla, manomboka amin'ny toko 1 ao amin'ny Education, nosoratan'i Ellen G. White

Rehefa hanao ity fampianarana ity ianao dia azonao ampiasaina ireto andalan-tsoratra manaraka ireto, nalaina tao amin'ny *Education*, ao anatin'ny lesona mikasika ny Piozila na ny Piozila avo lenta. Ao anatin'ny anjara vakiteniny, dia asaivo fantarin'ny mpianatrao ireo fitsipi-pampianarana lehibe izay tari-dalana eo amin'ny fampianarana ny ankizy, ambaran-dramatoa White ao. Asaivo manandrana manavaka fitsipi-dehibe dimy hatramin'ny fito izy ireo, ao anatin' izay efa novakiany. Asaivo manamboatra karazana fitaovam-pitadidiana izy ireo hampianarany ireo fitsipi-

pampianarana ireo amin'ny mpianatra namany, amin'ny fomba izay hahatadidiavan'izy ireo izany mandrakariva.

1.1.5. Modelina fizarana andraikitra sy fanombanana ny asa vita

Ao amin'ireto pejy manaraka ireto ianao dia hahita modelina fizarana asa izay mangataka amin'ny mpianatra mba hanomana hampiseho ny filozofiany manokana momba ny fanabeazana.

Ampifandrindrao amin'ny fampianaranao io asa fampisehoana io sy ny fitsarana azy. Ampirisiho ireo mpianatra hamaky ao anatin'ny *Baiboly* sy ny *Education* ary hampiasa ireo hevitra avy ao amin'ireo boky roa ireo ao amin'ny fanambaran'izy ireo ny filozofiany manokana.

Andalan-tsoratra 1

Nalaina tao amin'ny: *Education*, nosoratan'i White E. G.(1952), pejy 13-19

Ny fihevitsika momba ny fanabeazana dia tery loatra sy ambany loatra. Mila velarana midadasika kokoa, tanjona ambony kokoa. Ny atao hoe fanabeazana marina dia mihoatra noho ny fanarahana fanofanana iray azo antoka amin'ny fianarana. Izany dia mihoatra noho ny fiomanana ho amin'izao fiainana ankehitriny izao. Tokony hiasa eo amin'ny maha-izy azy iray manontolo, sy amin'ny fotoana rehetra mety hiainan'ny olona izany. Fitomboana mirindra tsara eo amin'ireo hery arabatana sy ara-tsaina ary ara-panahy izany. Manomana ireo mpianatra ho amin'ny fifaliana amin'ny fanompoana eto amin'ity tontolo ity izany, ary ho amin'ny fifaliana ambony kokoa amin'ny fanompoana mivelatra kokoa ao amin'ny tontolo izay ho avy.

Ny loharanon'ny fanabeazana toy izany dia voasoritsoritra ato anatin'ireto Tenin'ny Didy Masina ireto, izay manondro Ilay Iray Tsy manam-petra: Ao Aminy no "iafenan'ny rakitry ny fahendrena sy ny fahalalana rehetra." Kolosiana 2:3. "Izy no manana hevitra sy fahalalana." Joba 12:13. Izao tontolo izao dia nanana ireo mpampianatra lehibe teo aminy, ireo olona tena manam-pahaizana be sy mpikaroka lasa lavitra, ireo olona izay nandranitra ny saina ny fanambarany sady nanokatra ny fijery ho amin'ny saham-pahalalana midadasika; ireo olona ireo dia nankasitrahana toy ny mpitarika sy mpanasoana ny olombelona mitovy aminy; saingy misy Anankiray izay mitsangana ambonin'izy ireo. Ny tsipika arahan'ireo mpampianatr'izao tontolo izao dia azontsika soritana ho toy ny lalana lavitra izay farany vitan'ny olombelona mankany amin'ny lasa; kanefa Ilay Fahazavana dia teo alohan'izy ireo. Tahaka ireo kintana amam-bolana ao anatin'ny "système solaire" (ny tany sy ireo planeta hafa manodidina ny masoandro) misy antsika izay mamiratra noho ny tara-pahazavana avy amin'ny masoandro, dia toy izany koa, matoa marina ny fampianaran'ireo mpandinika lehiben'izao tontolo izao dia tsy maintsy ho nandray ka nampita ny tara-pahazavana avy amin'Ilay Masoandron'ny Fahamarinana izy ireo. Izay rehetra mitaratra fisainam-pahendrena, izay rehetra mamiratra fahaizana dia avy amin'Ilay Fahazavan'izao tontolo izao avokoa.

Amin'izao andro ankehitriny izao dia betsaka no voalaza momba ny toetrany sy ny mahazava-dehibe ny "fanabeazana avo lenta" ("higher education"). Ny tena "fanabeazana avo lenta" dia izay voambarany (voambaran'Andriamanitra), Izy izay ao Aminy "no misy fahendrena sy hery" (Joba 12:13), avy amin'ny vavan'Ilay "ihavian'ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina." Ohabolana 2:6.

Ao anatin'ny fahafantarana an' Andriamanitra, ny fahalalana marina rehetra sy ny tena fandrosoana marina dia manana izay nihaviany.

Andalan-tsoratra 2

Nalaina tao amin'ny: *Education*, nosoratan'i White E. G.(1952), pejy 13-19

Mba ho fahazoana tsara hoe inona avy no voarakitra ao anatin'ny asan'ny fanabeazana dia ilaintsika ny sady mihevitra momba ny toetry ny olombelona no mihevitra ny tanjon'Andriamanitra tamin'ny namoronany azy. Ilaintsika ihany koa ny mihevitra ny fiovana misy eo amin'ny toetran'ny olombelona tamin'ny alalan'ny fidiran'ny fahalalana ny ratsy, sy ny planin'Andriamanitra ho

fanatanterahany hatrany ny tanjony be voninahitra eo amin'ny fanabeazana ny taranak'olombelona. Vao nivoaka avy teo am-pelatanan'Andriamanitra i Adama dia nanana fitoviana tamin'ny Mpanao azy teo amin'ny toetrany ara-batana , ara-tsaina , ary ara-panahy. “Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny” (Genesisy 1:27), ary tanjony tamin'izany ny hoe arakaraka ny maha-lava ny andro iainan'ny olombelona no tokony hanenoany amin'ny fahafenoany kokoa hatrany io endrika io—hitarafany amin'ny fahafenoany kokoa hatrany ny voninahitr'Ilay Mpamorona. Ny fahaizany rehetra dia afaka nivoatra; ny fahafaha-manaony sy ny heriny dia nitombo hatrany hatrany. Midadasika ny faritra nomena azy ireo hahafahany miasa, be voninahitra ny saha nosokafana ho azy ireo hanaovany fikarohana. Ireo tsiambaratelon'ny tontolo hita maso--ny “fahagagana aton'Ilay tanteraka amin'ny fahalalana” (Joba 37:16)—dia nanintona ny fandinihan'ny olona.

Nifanatri-tava, ny fony niray tamin'ny fon'ny Mpanao azy no tombontsoany ambony. Raha nijanona ho mahatoky tamin'Andriamanitra izy dia ho azy mandrakizay ireo rehetra ireo. Mandritra ireo taona mandrakizay dia ho azony natao ny hanohy hahazo harem-pahalalana vaovao hatrany, ny hanandrana fararanom-pifaliana vaovao, ary ny hahazo fahalalana mazava kokoa ary mazava kokoa hatrany ny amin'ny fahendrena, ny hery, sy ny fitiavan'Andriamanitra. Arakaraka ny nahatanterahany tamin'ny fahafenoany kokoa hatrany nytanjon'ny namoronana azy no nanehoany tamin'ny fahafenoany kokoa hatrany koa ny voninahitr'Ilay Mpamorona.

Saingy noho ny tsy fankatoavana dia very izany. Tamin'ny alalan'ny ota dia simba ilay fitoviana tamin'Andriamanitra ,ary saika voafafa tao anatin'ny fitadidiana. Nihakely ireo herin'ny olona ara-batana, nihena ny fahaizany ara-tsaina, nanjavozavo ny fahitany ara-panahy. Nanjary nandairan'ny fahafatesana izy. Na izany aza dia tsy nafoy tao anatin'ny tsy fisiam-panantenana ny olombelona. Tamim-pitiavana sy famindram-po tsy misy fetra no namolavolana ny planin'ny famonjena, ary nekena ny hisian'ny fe-potoana mbola hiainana. Mba hamerenana amin'ny laoniny ao amin'ny olona

ny endriky ny Mpanao azy, mba hampiverina azy indray amin'ny fahatanterahana izay namoronana azy, mba hanampy eo amin'ny fitomboan'ny vatana, saina sy fanahy, mba ho tontosa ny tanjon'Andriamanitra nokasainy ho an'ny voariny--dia izany no natao ho asan'ny fanavotana. Izany no tanjon'ny fanabeazana, ilay tanjona lehiben'ny fiainana.

Ny fitiavana, izay fototry ny famoronana sy ny fanavotana, no fototra iorenan'ny tena fanabeazana marina. Natao mazava tsara izany ao anatin'ny lalana izay nomen'Andriamanitra ho tari-dalana eo amin'ny fiainana. Ny didy voalohany sady lehibe dia “Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetrasy ny herinao rehetra ary ny sainao rehetra.” Lioka 10:27. Ny hevitra ny hoe tia Azy,Ilay Iray tsy manam-petra, Ilay Iray manerana izao rehetra izao (omniscient), amin'ny hery sy ny saina ary ny fo manontolo dia fitomboana fara-tampon'ny hery rehetra. Midika izany fa ao amin'ny maha-izy azy iray manontolo -- ny vatana, ny saina ary koa ny fanahy --dia ho tafaverina ilay endrik'Andriamanitra.

Andalan-tsoratra 3

Nalaina tao amin'ny: *Education*, nosoratan'i White E. G.(1952), pejy 13-19

Ny didy faharoa dia mitovy amin'ilay voalohany --“Tiava ny namanao tahaka ny tenanao.” Matio 22:39. Ny lalan'ny fitiavana dia mitaky fanolorana ny tena, ny saina, ary ny fanahy ho amin'ny fanompoana an'Andriamanitra sy ireo olombelona namana tahaka antsika. Ary izany fanompoana izany dia mahatonga antsika ho fitahiana ho an'ny hafa sady mitondra ny fitahiana lehibe indrindra ho an'ny tenantsika koa.

Ny tsy fitiavan-tena no fototry ny tena fandrosoana marina rehetra. Amin'ny alalan'ny fanompoana tsy misy fitiavan-tena no andraisantsika ny kolon-tsaina ambony indrindra momba ny fahaizana rehetra. Tonga mpiombona anjara amin'ny toetran'Andriamanitra

amin'ny fahafenoany hatrany hatrany isika. Natao ho an'ny lanitra isika satria mandray ny lanitra ho ao am-pontsika. Raha mbola Andriamanitra koa no loharanon'ny fahalalana marina rehetra, dia araka ny efa hitantsika, tanjona voalohan'ny fanabeazana ny mampitodika ny saintsika ho amin'ny fanambarana nataony (nataon'Andriamanitra) momba ny Tenany.

Tamin'ny alalan'ny firaisana mivantana tamin'Andriamanitra no nandraisan'i Adama sy Eva fahalalana; ary tamin'ny alalan'ireo asany (asan'Andriamanitra) no nianaran'izy ireo Taminy. Ireo voary manontolo, tao amin'ny fahatanterahany tany am-boalohany, dia fanehoana ny fisainan'Andriamanitra. Ny fahitan'i Adama sy Eva ny natiora dia feno ny fahendren'Andriamanitra. Saingy noho ny fandikan-dalana dia nesorina tamin'ny olona ny fahafahana mianatra amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny firaisana mivantana, ary indrindra indrindra amin'ny alalan'ireo asany (asan'Andriamanitra).

Ny tany izay simba sy maloto noho ny ota dia mitaratra ihany fa manjavozavo ny voninahitr'Ilay Mpamorona. Marina fa tsy voafafa tanteraka ireo fampianarany (fampianaran'Andriamanitra) homban-tanjona. Isaky ny pejin'ilay boky lehibe mirakitra ireo asa izay noforoniny dia mety mbola hita soritra ao ny sora-tanany (sora-tanan'Andriamanitra). Mbola miresaka momba ny Mpamorona azy ihany ny natiora. Saingy tsy ampy sady tsy tanteraka ireo fanambarana ireo.

Ary eo amin'ny toeram-pahalavoana izay misy antsika, miaraka amin'ny hery mihakely sy ny fijery voafetra, dia tsy afaka ny hanome fanazavana araka ny tokony ho izy isika. Mila fanambarana feno kokoa avy Aminy isika, izay nomen'Andriamanitra ao amin'ny Teniny voasoratra. Ny Soratra Masina no ohatra tsara indrindra amin'ny fahamarinana, ary toy izany no tokony hanomezana azy ny toerana ambony indrindra eo amin'ny fanabeazana. Mba hananana fanabeazana mendrika izany anarana izany dia tsy maintsy mandray fahalalana an'Andriamanitra Ilay Mpamorona, sy Kristy Ilay Mpanavotra isika, araka izay anambarana Azy ireo ao amin'ny Teny masina.

Ny olombelona rehetra izay noforonina araka ny endrik'Andriamanitra dia nohariana miaraka amin'ny fahefana tahaka ny an'Ilay Mpamorona--fananana ny maha-izy azy, fahefana misaina sy manao zavatra. Ireo olona izay itomboan'izany fahefana izany ao anatin'ny dia ireo mitana andraikitra maro, ireo mpitarika ao amin'ny toeram-piasana, ary ireo izay mahay mandresy lahatra. Asan'ny tena fanabeazana marina ny mampitombo io fahefana io, ny mitaona ireo tanora mba ho tonga mpandinika fa tsy mpamerina fotsiny ny fandinihan'ny hafa. Tsy tokony hametra ny fianarany amin'ny fandalinana izay nolazaina na nosoratan'olona ireo mpianatra, fa aoka hoentina mankeo amin'ireo loharanon'ny fahamarinana izy ireo, ho eo amin'ireo saha midadasika misokatra ho an'ny fikarohana ao anaty natiora sady manan-kambara.

Aoka izy ireo handinika amim-pahalianana ireo fahamarinan-dehibe mikasika ny adidy tokony hatao sy ny hoavy hiafarana, dia hihitatra ny saina sady hihamatanjaka. Ireo toeram-pianarana dia tokony hamoaka olona mahery amin'ny fisainana sy amin'ny asa fa tsy mpianatra osa, olona izay mahafehy fa tsy feheziny ny fandehan-javatra, olona izay manana fahalalahan-tsaina, eritreritra madio, ary mahery fo amin'ny finoany.

Andalan-tsoratra 4

Nalaina tao amin'ny: *Education*, nosoratan'i White E. G.(1952), pejy 13-19

Ny fanabeazana toy izany dia manome mihoatra noho ny fitsipi-pifehezana ny saina, manome mihoatra noho ny fitaizana ara-batana izany. Manamafy ny maha-izy azy izany, hany ka tsy atakalo sitrapo feno fitiavan-tena na faniriana araka izao tontolo izao ny fahamarinana sy ny fahitsiana. Mampahery ny saina hanohitra ny ratsy izany.

Tsy tokony hisy sitrapo adala avela hanjaka ka tonga hery manimba, fa ny antony manosika sy ny faniriana rehetra dia atao mifanaraka amin'ireo fitsipika lehiben'ny fahitsiana. Raha manjaka ao ny fahatanterahan-toetrany (toetran'Andriamanitra) dia havaozina ny saina, ary ny fanahy dia foronina indray araka ny endrik'Andriamanitra.

Inona indray no fanabeazana mety ho ambony kokoa noho izany? Inona no mety hitovy lenta amin'izany?

“Ny volamena tsara tsy mahatakalo azy,

Ary ny volafotsytsy azo lanjaina ho vidiny;

Ny volamena avy any Ofira tsy ampy ho tombany,

Na ny beryla saro-bidy sy ny safira aza.

Ny volamena sy ny fitaratra tsy azo ampitahaina aminy,

Ary tsy azo takalozana firavaka tena volamena izy.

Tsy tokony hotsaroana akory ny voahangy sy ny vato krystaly,

Fa ny fahazoana fahendrena dia mihoatra noho ny voahangy.” Joba 28:15-18

Ambony kokoa noho izay farany ambony takatry ny sain'olombelona ny

idealin'Andriamanitra ho an'ireo zanany. Ny fahamasinana sy ny fanahafana

an'Andriamanitra no tanjona hotratrarina. Misy lalana misokatra ho an'ny fivoarana mitohy

eo anoloan'ny mpianatra. Manana fikasana hotanterahana izy, fenitra hotratrarina, izay

mahafaoka izay rehetra tsara sy madio ary mendrika. Handroso haingana sy lavitra araka

izay azo atao izy amin'ireo taranja rehetra ao anatin'ny tena fahalalana marina. Kanefa ireo

ezaka ataony dia ho tarihana ho amin'ny tanjona avo lavitra noho ny tombontsoan'ny tenany sy fifaliana vetivety fotsiny, tahaka ny maha-avo kokoa ny lanitra noho ny tany.

Izay miara-miasa hahatanteraka ny tanjon'ny lanitra amin'ny fampitana ny fahalalana

an'Andriamanitra amin'ireo tanora, ary mamolavola ny toetra hirindra tsara amin'ny Azy,

dia manao asa ambony sy mendrika. Raha fohaziny ny faniriana te hahatratra ny

idealin'Andriamanitra, dia manolotra fanabeazana avo tahaka ny lanitra sy mivelatra tahaka

izao tontolo rehetra izao izy; fanabeazana izay tsy mifarana eto amin'ity fiainana ity, fa

mbola hitohy ao amin'ilay fiainana ho avy; fanabeazana izay miantoka ny pasipaoron'ny

mpianatra mahomby, avy amin'ny sekoly fanomanana eto an-tany mankany amin'ny

ambaratonga ambony kokoa, dia ny sekoly any ambony.

Filozofia manokana momba ny fanabeazana

Fintino ao anatin'ny pejy (ny pejy iray misy fizarany roa) tsy mihoatra ny anankiroa

ny filozofiana manokana momba ny fanabeazana. Asio fampidirana, fanambarana

ontolojika, fanambarana epistemolojika, fanambarana aksiolojika, ary famaranana.

Inona no tena zava-misy marina? (Ontolojia)

Afantohy amin'ny toetry ny mpianatra ny fanadihadianao. Tahaka ny ahoana ireo

mpianatrao? Tahaka ny ahoana ny toetry ny olombelona ary manao ahoana no

fiantraikan'izany amin'ny fampianarana sy ny fianarana?

Inona no marina? (Epistemolojia)

Afantohy amin'ny toetry ny fahalalana sy ny fianarana ny fanadihadianao.

Amin'ny fomba ahoana no mahatonga ny olombelona “hahalala” zavatra ary

fomba ahoana no ipoiran'ny fianarana? Inona avy ireo loharanom-pahalalana

“marina”?

Inona no tena manam-bidy? (Aksiolojia)

Afantohy amin'ny hoe: fahalalana inona no tena manan-danja indrindra, ny

fanadihadianao. Ahoana no fomba anapahantsika hoe inona no ampianarina? Ilay

fanombanana ny asa vita izay hampiasaina hitsarana ny fanambaranao dia hita ao amin'ireo pejy roa manaraka. Ampiasao ho toy ny tari-dalana izany rehefa mandrafitra sy mandamina ny fanambaranao ianao.

Fepetra hitsarana ny Filozofia Manokana momba ny Fanabeazana

Anaran'ny mpampianatra: _____

Anaran'ny mpianatra: _____

SOKAJY	4	3	2	1
	tanjona	Azo akena	Mila fanatsarana	Tsy azo ekena
Halavany	Mitovy amin'ny Azo ekena	Voafetra ao anatin'ny pejy anankiroa ny fanambarana, ka misy elanelana andalana iray izany, ary mihataka 2,5cm (1-inch/1pouce) amin'ny sisiny (marge), ary ny haben'ny soratra dia 11 na 12 « point simple font » (taille de la police)	Torolalana iray na roa no tsy narahana	Tsy narahana ireo torolalana momba ny halavan'ny fanambarana
Fampidirana	Ny paragrafy fampidirana dia mametraka ny dingana arahana ao anatin'ny fanambarana sisa sy mamintina ireo hevi-dehibe izay hatolotra. Mampiasa lohahevitra na sary an'ohatra mba handrindrana ny asatoratra	Ny paragrafy fampidirana dia mametraka ny dingana arahana ao anatin'ny fanambarana sisa sy mamehy ireo hevi-dehibe izay hatolotra.	Mifantoka amin'ny lafiny anankiray amin'ilay asa	Tsy mifantoka amin'ny lohahevitra na ny asa. Tsy maneho fahatakarana-kevitra tsotra
Ontolojia	Ireo finoana ontolojika voarakitra ao anatina fitambarana iray misy heviny. Mamehy ireo hevi-dehibe resahana (tsy misy elanelana)	Mahay manavaka finoana ontolojika maro saingy tsy mampiditra azy rehetra. Mahazo ny ankamaroan'ireo hevi-dehibe resahana	Mifantoka amin'ny lafiny anankiray amin'ny ontolojia	Tsy mifantoka amin'ny ontolojia ny paragrafy. Tsy maneho fanazavan-kevitra tsotra
Epistemolojia	Ireo finoana epistemolojika voarakitra ao anatina fitambarana iray misy heviny. Mamehy ireo hevi-dehibe resahana (tsy misy elanelana)	Mahay manavaka finoana epistemolojika maro saingy tsy mampiditra azy rehetra. Mahazo ny ankamaroan'ireo hevi-dehibe resahana	Mifantoka amin'ny lafiny anankiray amin'ny epistemolojia	Tsy mifantoka amin'ny epistemolojia ny paragrafy. Tsy maneho fanazavan-kevitra tsotra
Aksiolojia	Ireo finoana aksiolojika voarakitra ao anatina	Mahay manavaka finoana aksiolojika maro saingy tsy	Mifantoka amin'ny lafiny anankiray	Tsy mifantoka amin'ny aksiolojia ny paragrafy. Tsy

	fitambarana iray misy heviny. Mamehy ireo hevi-dehibe resahana (tsy misy elanelana)	mampiditra azy rehetra. Mahazo ny ankamaroan'ireo hevi-dehibe resahana	amin'ny aksiolojia	maneho fanazavan-kevitra tsotra
Famaranana	Ny paragrafy famaranana dia mamehy ny fanambarana sy mandravona ireo hevi-dehibe izay natolotra	Ny paragrafy famaranana dia mamehy ny fanambarana. Mandravona fizarana roa na telo amin'izay natolotra ny paragrafy.	Mifantoka amin'ny fizarana anankiray ao amin'ny fanambarana flozofika nyfamaranana	Tsy mamarana ny fanambarana ilay famaranana. Tsy maneho fahatakaran-kevitra tsotra
Lojika/fizotran y	Tena voalamina tsara ny tantara. Ny hevitra na tohan-kevitra iray dia arahan'ny iray hafa amin'ny filaharana lojika miaraka amin'ireo teteza-mita mazava	Saika voalamina tsara ny tantara. Misyhevitra na tohan-kevitra iray izay toa tsy amin'ny toerany. Mampiasa teteza-mita mazava.	Somary sarotra ny manaraka ny tantara. Indraindray tsy mazava ny teteza-mita.	Tsy ny hoe nalamina fahatany fotsiny ireo hevitra sy tohan-kevitra.
Hevitra Manokana	Tahaka ny fanehoan-kevitra manokan'ilay olona no fandrenesana ny fanambarana. Hita mazava ny hevitra ny mpanoratra. Fomba fijery vaovao no indreo atolotra.	Tahaka ny fanehoan-kevitra manokan'ilay olona no fandrenesana ny fanambarana. Hita mazava ny hevitra ny mpanoratra.	Tahaka ny fanehoan-kevitra manokan'ilay olona no fandrenesana ny fanambarana saingy tsy mihazona ny heviny ho mazava na maharesy lahatra ny mpanoratra.	Tsy ahitana fomba fijery vaovao ao anatin'ny fanambarana. Tsy misy hevitra maharesy lahatra avy amin'ny mpanoratra.
Ireo toerana nakana ny hevitra	Mifototra amin'Soratra Masina sy ny Fanahin'ny faminiana ny fanambarana filozofika ary ireo toerana nakana ny hevitra dia voambara mazava tsara.	Miorina amin'Soratra Masina na ny Fanahin'ny faminiana ny fanambarana filozofika ary ireo toerana nakana ny hevitra dia voambara mazava tsara.	Toa maneho ny ao amin'ny Soratra Masina sy/na ny ao amin'ny Fanahin'ny faminiana ny fanambarana filozofika saingy tsy misy fanoroana ny toerana nangalana ny hevitra	Tsy misy fitanisana na fanoroana toerana nakana hevitra avy ao amin'ny Soratra Masina na ny Fanahin'ny faminiana.
Voasoratra mazava	Voasoratra amin'ny fomba akaiky ny mpamaky ny fanambarana, izay mahatonga fanehoan-kevitra mazava. Mampiasa fehezan-teny fohy tsotra.	Voasoratra amin'ny fomba akaiky ny mpamaky ny fanambarana. Fehezan-teny iray na roa no tsy mazava eo amin'ny fanehoan-kevitra.	Fehezan-teny maro ao amin'ny fanambarana no tsy mazava eo amin'ny fanehoan-kevitra. Manahirana ny mpamaky ny fomba fanambarana ireo hevitra sasany. Mampiasa fehezan-teny lava sy mikorontana.	Tsy manampy ny mpamaky hahazo izay tiana holazaina ny fanambarana ary/na tsy mazava eo amin'ny voambolana ampiasaina sy ny fanehoan-kevitra. Mampiasa fehezan-teny lava, mikorontana na tsy misy fihatoana.
Fepetra	Tsy misy diso na amin'ny tsipelina na	Misy diso anankiray amin'ny tsipelina na	Misy diso 2-3 amin'ny tsipelina na	Misy diso mihoatra ny 3 amin'ny tsipelina na

amin'ny fomba fanoratana

amin'ny fitsipi-pitenenana na amin'ny mari-pihatoana, ao anatin'ilay asasoratra efa vita.

amin'ny fitsipi-pitenenana na amin'ny mari-pihatoana, ao anatin'ilay asasoratra efa vita.

amin'ny fitsipi-pitenenana na amin'ny mari-pihatoana, ao anatin'ilay asasoratra efa vita.

amin'ny fitsipi-pitenenana na amin'ny mari-pihatoana, ao anatin'ilay asasoratra efa vita.

1.2 Fiheverana momba ny fianarana

Mba ho feno kokoa ny fifanakalozan-kevitra mikasika ireo vinavinan-kevitra momba ny fianarana sy ireo toetra manokana rehefa mianatra, dia jereo ao anatin'ireo boky natokana ho an'ity fanofanana ity. Raha hampiseho ny momba ireo loharanon-kevitra dia tsidiho ny « Companion Website for Teaching the Faith (<http://www.andrews.edu/~burton/ttf>) » ao amin'ny internet.

1.2.1 Vinavinan-kevitra momba ny fahaizana maro isan-karazany

Araka ny hevitr'i Howard Gardner (1993) dia ireto telo ireto no hita ao anatin'ny fahaizan'ny olombelona:

? Fitambarana teknika maro izay mahatonga ny olona iray ho afaka hamaha izay tena olana mitranga eo amin'ny fiainan'ny olona iray

? Ny fahafahana mampisy vokany mahomby na manolotra fanampiana izay manan-danja ho an'ny kolon-tsain'ny olona iray

? Ny fahafahana mahita na mampisy ireo olana izay mahatonga ny olona iray handray fahalalana vaovao

Nanavaka ireto karazana fahaizana valo ireto i Gardner:

Fahaizana momba ny fitenenana, ny “word smart” na “hakingana amin'ny teny”, dia ny fahafahana mieritreritra amin'ny teny sy mampiasa fitenenana mba hanehoana na hitsarana heviteny manahirana. Ampiasain'ireo poeta, ireo mpanao gazety, ireo mpanentana vahoaka mahay **fahaizana matematika lojika**, ny “number smart” na “hakingana amin'ny isa”, dia ny fahafahana manao kajy, mandrefy, mandanjalanja ireo tolo-kevitra sy petra-kevitra, ary mampiasa lojika. Ampiasain'ireo mpanao matematika, siantista, ary ireo polisy

Fahaizana mikirakira ny momba ny vatana, ny “body smart” na “hakingana amin'ny vatana” dia ny fahaizana mikasika sy mandray zavatra maro ary mampiasa teknika ara-batana isan-karazany.

Ampiasain'ireo mpanao fanatanjahan-tena, mpandihy, mpandidy, ary ireo mpanao asa tanana

Fahaizana maka sary an-tsaina, ny “picture smart” na “hakingana amin'ny sary” dia ny fahafahana sady mieritreritra amin'ny lafiny roa no amin'ny lafiny telo (2-3 dimensions).

Ampiasain'ireo mpiantsambo, mpitondra fiara-manidina, mpanao sary sokitra, mpanao sary hosodoko, ary ireo mpahay tao-trano (architectes).

Fahaizana ara-mozika, ny “music smart” na “hakingana amin'ny mozika” dia ny fahaizana manavaka filirony (hauteur de son), gadona, ary feo (ton/timbre)

Fahaizana natoraly, ny “nature smart” na “hakingana amin'ny natiora” dia ny fahafahana mampisy heviny sy fandaminana ny tontolon'ny natiora. Ampiasain'ireo biolojista, natoralista, mpampianatra ankalamanjana, mpaninika voro-manidina, ary ireo mpaka sary eny anivon'ny natiora/mpanakanto (artistes).

Fahaizana mifandray, ny “people smart” na “hakingana amin'ny daholo be”, dia ny fahafahana mifankahazo sy mifampiankina sady miara-miasa amim-pahombiazana. Ampiasain'ireo mpampianatra, manao asa sosialy, mpilalao tantara, ary ireo mpanao politika.

Fahaizana ny momba ny tena, ny “self smart” na “hakingana amin'ny tena” dia ny fahafahana mahazo sy mahafantatra ny amin'ny tena ihany – tafiditra ao koa ireo fisainana sy fahatsapan'ny olona iray. Ampiasain'ireo mpitsabo aretin-tsaina (psikology), mpitarika ara-panahy, ary ireo filozofa.

1.2.2 Ireo fomba fianarana (modes)

Ireo fomba fianarana dia miresaka momba ireo safidy manokan'ny ankizy eo amin'ny fampiasana ireo retsi-pandre samy hafa rehefa manoloana fianarana. Raha mila mikasika, manandrana (manao am-bava),

ary manetsiketsika ny zazakely sy ny ankizy madinika mba hahazoana mianatra, rehefa miha-lehibe kosa izy dia tonga lavorary kokoa ireo retsi-pandre. Manomboka mifantoka amin'ny retsi-pandre iray na maro, izay tiany ireo ankizy mandritra ireo taona voalohany any am-pianarana.

Ireo mpianatra amin'ny maso dia ireo ankizy (sy olon-dehibe) izay mila mahita zavatra rehefa mianatra. Ireo mpianatra amin'ny sofina dia mila maheno zavatra sy mampiasa ireo fahaizany mihaino rehefa mianatra. Ireo mpianatra kinestetika (mila mahatsapa ny fihetsehana sy ny fipetraky ny rantsam-batany) dia mila ny fandraisan'ny vatany iray manontolo anjara. Mila mihetsiketsika izy ireo mba hahazoana mianatra. Ireo mpianatra amin'ny tanana (tactile) dia tian'izy ireo kokoa ny mampiasa ireo fahaizana manetsiketsika voalahatra tsara (amin'ny tanana), sy mikasikasika mandritra ny fotoana fianarana. Tsy zava-dehibe fototra tahaka ireo fahaizana maro akory ireo fomba fianarana saingy zava-dehibe kokoa noho ireo toetra manokan'ny ankizy rehefa mianatra (styles) izy ireo. Tsy voafetra amin'ny fomba araka ny retsi-pandre anankiray fotsiny ny ankizy, kanefa amin'ny ankapobeny dia misy iray tian'izy ireo kokoa mihoatra noho ny sasany. Tokony hanana fotoana izy ireo hahafahana mampiasa ireo fomba efatra manontolo mba hampitombo ireo fahaizana, hisy fifandanjana tsara, ary ho mora amboarina araka ny toe-javatra. Ny tabilao manaraka eto dia mamariparitra ireo fomba fianarana efatra araka ny retsi-pandre ary ny fomba azonao ampiasana azy ireo amin'ny fampianarana any am-piangonana. (Nalaina tao amin'ny: *Teaching the faith: An essential Guide to Raising Faith (Mampianatra ny atao hoe Finoana: tari-dalana lehibe iray mitondra ho amin'ny fisondrotan'ny finoana)-shaped Kids (ho an'ankizy)*, nosoratan'i Habenicht, Donna & Burton, Larry. Hagarstown, MD: Review & Herald Publishing Association.

1.2.3 Ireo toetra manokana rehefa mianatra (styles)

Na dia maro samy hafa aza ny fanazavana hita eo amin'ireo sehatry ny fanabeazana momba ireo toetra manokana rehefa mianatra, ny programa GraceLink (grace: fahasoavana, link: fifamatorana) izay velabelarin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia mifototra amin'ny lalam-pianaran'i Lawrence Kolb.

Io lalam-pianaran'i Kolb io dia mifototra amin'ny karazana mpianatra efatra samy hafa. Ny karazany voalohany, **ireo mpianatra tia vao**, dia tia mamorona zava-baovao amin'ny fomba fianarany. Ireo mpianatra ireo dia te hampisy heviny ny fianarany. Ilain'izy ireo ny mahafantatra hoe nahoana no tokony hianatra zava-baovao izy ireo. Ny mpianatra tia vao dia miroborobo tokoa eo amin'ny lafiny fifandraisana, tia miara-miasa amin'ny hafa, ary ilainy ny ho voakasika manokana amin'izay zavatra atao. Ny fifanakalozan-kevitra, ny fihainoana sy ny fizarana hevitra dia zava-dehibe ho azy ireo. **Ny mpianatra tia tsikera** no karazana toetra manokan'ny mpianatra faharoa raha araka ny fomba Kolb. Ireo mpianatra karazany faharoa ireo dia lojika, mpandinika amin'ny ankapobeny, izay tia miasa miaraka amin'ny porofo, hevitra, ary tsipirihany. Ireo mpianatra ireo dia te hahalala izay ambaran'ireo manam-pahaizana. Tia mandalina sy manadihady momba ny lohahevitra iray izy ireo. Te handamina izay zavatra ianarany io sokajy io ary ho afaka hanamarina ireo finoany eo ambony fototry ny fianarana Baiboly. Ny karazany fahatelo amin'ny mpianatr'i Kolb dia **ny mpianatra mahatoky**. Araka ny mahampianatra mahatoky azy ireo dia tian'ireo ankizy ireo hazava ny resaka. Tian'izy ireo ho fantatra hoe inona no fiovana hoentiny izany eo amin'ny fiainany, fomba ahoana no hiasan'izany ho azy ireo, ary fomba ahoana no ahafahan'izy ireo mampiasa izany. Ilain'ireo ankizy ireo ny mirotsaka an-tsehatra amin'ny fanaovana fanandramana rehefa mianatra zava-baovao ary tena te hampihatra izay zavatra ianarany izy.

Ireo fomba fianarana ao anatin'ny fanabeazana ara-pivavahana

ireo ankizy izay :	Toetra mampiavaka	Ny lazain'izy ireo	Tolo-kevitra
havanana amin'ny maso	Mahatadidy izay jeren'izy ireo. Manana fahaizana mandinika tsara. Afaka mamaritra saika ny filaharan'ireo tranga lehibe rehetra izay niseho teo amin'ny fiainany. Mahatadidy hoe inona no nojeren'ny kilasy tamin'ny herinandro. Mahita mihoatra noho ireo mpianatra sasany--fihetsika misy heviny ataon'ny vatana, ireo fihetsika sarotra hita, ireo pitson-javatra izay tsy amin'ny toerany. Mora variana amin'izay zavatra jereny.	« hitako ny tianao ambara .» « Jereo ity .» « Hitanao ve izay nitranga ? » « Ataovy sary ity .»	Fandefasana eo aloha ao a momba ny as manamboatra na tantara an na fampihom ny fizotran'm (graphiques)
havanana amin'ny sofina	Mahatadidy izay ren'izy ireo. Manana fahaizana miteny tsara. Afaka mamerina ireo teny, saika izay nampiasaina tao anatin'ireo tranga lehibe rehetra niseho teo amin'ny fiainany. Mahatadidy ny fanomezan-toky nataonao tamin'ny herinandro. Mahare ireo lantom-peo sy ny filefitry ny feo ao anatin'ny resaka, ireo feo kely izay tsy tsikaritry ny hafa.	“Reko ianao.” “Milaza ve ianao hoe...?” “Henoy ity.” “Ianao ve nahare momba ny...”	Fandefasana fanenon'ny fitantarana a fitenenana h fitantarana, gropy kely, fandaharana baovao, mpa teatra/famak kira ny Sora
Tena kinestetika	Mahatadidy izay idiran'izy ireo an-tsehatra amin'ny lafiny ara-batana. Mamariparitra momba ireo fihetsika ara-batana nataony, mifandraika saika amin'ireo tranga lehibe rehetra niseho teo amin'ny fiainany. Mahatadidy ny fomba namorianao sy namindranao toerana ny kilasy tamin'ny herinandro. Manana fahaizana mivelatra tsara amin'ny lafiny fanetsiketsehana. Mahay mihetsika kokoa noho ny ankizy sasany. Havanana amin'ny fanatanjahan-tena na izay asa rehetra mety ilana betsaka ny fampiasana hozatra amin'ny fomba mirindra. Sarotra aminy ny mipetra-potsiny tsy manao na inona na inona.	« Afaka ny ho tonga amin'izany aho » « Andao hiditra dia lasa izao. » « Mangetaheta mafy anao aho » « Tsapako hatrany amin'ny vanintaolako izany »	Mandray anj tsehatra na fa peta-drindrin ankalamanja tobim-pahasa asa izay mita
Havanana amin'ny tanana	Mahatadidy izay kasihan'izy ireo na raisiny. Mamariparitra momba ireo fahatsapany saika tao anatin'ireo tranga lehibe rehetra niseho teo amin'ny fiainana. Mahatadidy izay nomenao ny kilasy tamin'ny herinandro. Manana fahaizana vofaritra tsara amin'ny lafiny fanetsiketsehana. Havanana kokoa amin'ny fampiasana ny tanany noho ireo mpianatra sasany. Tena havanana amin'ny sora-tanana, fanaovana sary, na fandokoana. Tian'izy ireo ny mitazona zavatra ao anaty tanany, mety tsy hampifantoka.	« Mahakasika ny fo izany » « Zavatra mitovy amin'izany koa no tsapako. » « ?? » « azoko raisina ve izany ? »	Tetikasa fana amin'ny teny ho izy mba h manamboatra manamboatra fikarohana a « logiciel » f plozla kely (

Ny **mpianatra mavitrika**, karazana toetra manokan'ny mpianatr'i Kolb faha-efatra, dia mianatra amin'ny alalan'ny fahitan'ny tenany zava-baovao. Mpanao fanandramana ireo mpianatra ireo, izay tia fiovaovana isan-karazany eo amin'ireo tontolo manodidina ny fianarany. Matetika ireo mpianatra mavitrika no mampiasa fahaikana sy fijerena izay diso amin'ny fomba fianarany. Mila fihetsehana (action) izy ireo. Tsy misy mety amin'izy ireo mihoatra noho ny fanatanterahana planina iray ho tonga zava-misy marina.

Ny lalam-pianaran'i Kolb dia mifototra amin'ny lalam-pianarana izay miantomboka amin'ireo asa mifanaraka amin'ny mpianatra karazany 1, ary avy eo dia mankany amin'ireo asa voatokana ho an'ny isaky ny karazany araka ny filaharany. Ny torolalana mifototra amin'ny Fahaizana Maro isan-karazany ary ireo fomba fianarana (modes) dia afaka ampiasaina ao anatin'ny fizotran-kevitra ny lalam-pianaran'i Kolb.

1.3 APA Ireo fitsipi-pampianarana mifantoka amin'ny mpianatra

Naoty: Misy fanehoana elektronika (power point) momba ny APA fitsipi-pampianarana mifantoka amin'ny mpianatra, miaraka amin'ity fanofanana ity. Teknika maro fampianarana momba ny fahalalana amin'ny ankapobeny no aseho mandritra izany. Tafiditra ao anatin'ireo ny telo minitra fihatoana kely sady fangalana naoty. Ho fanampim-panazavana momba ny fomba fampiasana ireo teknika ireo dia jereo ny fizarana momba ny fampianarana ireo zava-misy marina sy ireo ara-keviny, ao anatin'ny fanofanana. Io fanazavana io dia azo avoaka printy ary zaraina amin'ireo mpanandray anjara ao anatin'ny fiasana, mba hampiasaina ao amin'ny fizotran-kevitra ny jigsaw (fanambatamarana) .na jigsaw avo lenta.

Ireo fitsipi-pampianarana efatra ambin'ny folo mifantoka amin'ny mpianatra dia fitaovana manandanja handrafetana sy hamoahana torolalana. Ny tsara ho fantatra momba ireo fitsipi-pampianarana dia tanisaina etsy ambany. Io fanazavan io dia nalaina tao na nampifandrindrana amin'izay ao amin'ny APA website <http://www.apa.org/ed/ed/lcp.html>.

“Nandritra ny tantarany manontolo, ny psikolojia (fandalinana ny momba ny toetra sy ny ara-tsaina) dia nanome fampahafantarana tena ilaina teo amin'ny ohatry ny fanabeazana, izay miorina amin'ny vinavinan-kevitra sy fikarohana momba ny fianaran'ny olombelona, ny fitomboany, ary ny antony manosika azy. Nandritra ny 15 taona, ny fikarohana ara-psikolojia mikasika ny fanabeazana dia nifototra manokana tamin'ny fampahafantarana. Ny fitomboantsika eo amin'ny fahazoana ny hevitra ny fisainana, ny fitadidiana, ary ny fandroson'ny ara-pahalalana sy ny antony manosika dia mandray anjara mivantana amin'ny fampandrosoana ny fampianarana, ny fianarana ary ny sehatr'asan'ny fanabeazana manontolo. Mandritra izany fotoana izany, ireo mpanabe izay voakasik'ireo olana ara-pitomboana noho ny fari-pahaizaina ambany avoakan'ny oniversite, sy ireo hafa izay manondro tsy fahombiazana eo amin'ny fianarana, dia mitaky ny hisian'ny modelim-panabeazana maro mifantoka amin'ny mpanatra bebe kokoa. Ny modely toy ireo dia miatrika ny fahasamihafana misy eo anivon'ireo mpianatra, ary mampiasa izany fahasamihafana izany mba hampiroboroboana ny fianarana sy mba hampisy vokatra ao anatin'ny tontolon-kevitra ny fanavaozana ara-panabeazana ankehitriny.

Ireto fitsipi-pampianarana manaraka ireto, izay tsy miova tao anatin'ny mihoatra ny zato taona nanaovana fikarohana momba ny fampianarana sy ny fianarana, dia efa miparitaka lavitra ary tena ekena ho izy tokoa ao amin'ireo fandaharam-pianarana maro tena tsara, hita amin'ny 80 isan-jaton'ny sekoly amin'izao fotoana izao. Ampidirin'izy ireo ao anatin'ireo lafiny maro samihafa amin'ny psikolojia ihany koa ny fikarohana sy ny fampiharana, anisan'izany ny ara-pandrosoana, ara-panabeazana, ara-panandramana, ara-tsosialy, ara-pitsaboana, ara-pandaminana, ary ny psikolojian'ny fiaraha-monina sy ny sekoly. Ambonin'izany, ireo fitsipi-pampianarana ireo dia mitaratra fahendrena eken'ny maro sy siantifika. Tsy ireo fitsipi-pampianarana mifantoka amin'ny mpianatra,afaka mitondra ho amin'ny fanabeazana mahomby, izay karohana sy mivoatra amin'ny fomba mitohy ihany akory no voarakitra anatin'ireo fa ao koa ireo fitsipi-pampianarana mitondra ho amin'ny fahasalamana ara-tsaina azo antoka sy fahavokarana.

Ireto fitsipika psikolojika 14 manaraka ireto dia momba ny mpianatra sy ny sori-dalana arahana eo amin'ny fianarana. Mifantoka amin'ireo antony ara-psikolojia, izay momba ny ao anaty (interne) voalohany indrindra izy ireo, ho an'ny fifehezan'ilay mpianatra sy eo ambany fifehezany.

Mifantoka amin'izany kokoa izy ireo toy izay amin'ireo fahazarana nokolokoloina na ireo antony ara-psikolojika. Na izany aza, ireo fitsipika ireo dia miezaka mijery ihany koa ny tontolo manodidina ety ivelany (externe) na ireo antony ara-tontolon-kevitra izay mifampiankina amin'ireo antony ao anatiny (interne) ireo.

Ireo fitsipika ireo dia mikendry manontolo ny hitsinjovana ireo mpianatra ao anatin'ny tontolon-kevitra ny toerana misy marina ny fianarana eo amin'izao tontolo izao. Araka izany dia tsara kokoa ny handraisana azy ireo ho toy ny fikambanam-pitsipika voalamina; ka tsy tokony hisy fitsipika hojerena mitokana irery. Mizara ho toy ireto ireo fitsipika 14: mikasika ireo antony ara-pahalalana sy fahalalana mihitatra, ara-pihetseham-po sy ny antony manosika, ara-pandrosoana sy ny sosialy, ary ireo antony araka ny fahasamihafana misy eo amin'ny tsirairay, izay misy akony eo amin'ireo mpianatra sy ny fianarana. Farany, ireo fitsipika ireo dia mikendry ny hiasa amin'ny mpianatra rehetra -- manomboka amin'ny mpianatra, mankany amin'ireo mpampianatra, ireo mpitantan-draharaha, ireo ray aman-dreny, ary ireo olona avy ao amin'ny fiaraha-monina izay tafiditra ao amin'ny rafi-panabeazantsika.

1.3.1 Ny toetry ny fizotran'ny fianarana. Ny fianarana taranja misy foto-kevitra maro loha dia mahomby indrindra rehefa natao ho fomba hikendrena mba hanorenana hevitra izany, avy amin'izay nampahafantarina sy ny fanandramana.

Misy karazany maro samy hafa ny sori-dalana arahana eo amin'ny fianarana, ohatra: fahazarana manao fiofanana ao anatin'ny fandehan'ny fianarana; ary fianarana izay mahatonga famokarana fahalalana, na teknika momba ny fahalalana sy fahaizan-tetika amin'ny fianarana. Ny fianarana any an-tsekoly dia manamafy ny fampiasana ireo sori-dalana nokasaina manokana izay azon'ny mpianatra ampiasaina mba hanorenana hevitra avy amin'izay nampahafantarina, ireo fanandramana, ary ireo fisainany sy ireo fiheveran'ny tenany. Ny mpianatra mahomby dia mazoto miasa, mibanjina ny tanjona mandrakariva, mahafehy ny tenany, ary mahatsiaro ho tompon'andraikitra manokana amin'ny fanatontosana ny fianarany. Ireo fitsipika izay aroso ato anatin'ity tahirin-kevitra ity dia mifantoka amin'io karazana fianarana io.

1.3.2 Ireo tanjon'ny sori-dalana arahana eo amin'ny fianarana. Rehefa mandeha eny ny fotoana ary miaraka amin'ny fanohanana sy torohevitra mampianatra, ny mpianatra mahomby dia afaka manao fanehoam-pahalalana misy heviny sy maharesy lahatra.

Ny toetra ara-pahaizana ananan'ny fianarana dia mitaky amin'ireo mpianatra mba hibanjina mandrakariva ny tanjona. Mba hampisy fanehoam-pahalalana mahaso, sy hananana fahaizana misaina sy mianatra izay ilaina ho an'ny fitohizan'ny fahombiazana amin'ny fianarana eo ampamakivakiana ny fiainana, dia tsy maintsy manorina sy manatratra tanjona saha azy manokana ireo mpianatra. Amin'ny voalohany, ireo tanjona sy ny fianaran'ireo mpianatra ao anatin'ny fepotoana fohy dia mety ho voafetra sy tsy ampy amin'ny lafiny iray, saingy rehefa mandeha ny fotoana dia afaka mivoatra ny fahatakarany izy ireo hevitra amin'ny alalan'ny famenoana ireo banga, ny fanamboarana izay goragora, ary ny fampitomboana ny halalin'ny fahazoan'izy ireo ny dikan'ny foto-kevitra dinihana, hany ka afaka ny hanatratra ireo tanjona lavitra ezaka izy ireo.

1.3.3 Fanorenana ny fahalalana. Ny mpianatra mahomby dia afaka mampifandray ny fahalalana vaovao amin'izay fahalalana efa ananana ka mampisy heviny an'izany.

Mihitatra sy mihalalina ny fahalalana araka ny hanohizan'izy ireo mampisy fifandraisana eo amin'ny fahalalana vaovao sy ireo fanandramana ary ny fahalalana fototra efa ananany. Ny toetr'ireo fifandraisana ireo dia afaka miseho amin'ny endriny maro isan-karazany, toy ny fanampiny eo amin'ny fanamboarana, na fandaminana indray ny fahalalana na ireo fahaizana efa misy. Ny fomba fanamboarana na ny fivoaran'ireo fifandraisana ireo dia mety hiovaova ao amin'ireo lafiny samy hafa amin'ny foto-kevitra, ary eo anivon'ireo mpianatra miaraka amin'ireo talenta, ireo fahalianana, ary ireo fahaizana maro samy hafa. Kanefa raha tsy fahalalana vaovao dia hijanona mitokana irery io fahalalana vaovao io, tsy afaka ampiasaina amin'ny fomba mahomby indrindra amin'ny fanaovana ireo asa vaovao, ary tsy vonona ny hifanaraka amin'ireo toe-javatra vaovao. Ireo mpanabe dia afaka manampy ireo mpianatra amin'ny fandrantoana sy fampidirana fahalalana amin'ny alalan'ny tetika maro izay efa hita fa nahomby tamin'ireo mpianatra manana

fahaizana maro samy hafa, toy ny fanamboarana sori-drafitra ho an'ny hevitra sy fandaminana na fanasokajiana araka ny lohahevitra.

1.3.4 Fieritreretana voakajikajy tsara. Ny mpianatra mahomby dia afaka manamboatra sy mampiasa lisitra fizahana ireo tetika hahaizana mieritreritra sy misaina mba hanatrarana ireo tanjona maro loha eo amin'ny fianarana. Ireo mpianatra mahomby dia mampiasa eritreritra voakajikajy tsara eo am-piatrehany ny fianarana, eo amin'ny fisainana, ny famahana olana, ary ny fianarana hevitra. Mahafantatra ny hevitra ny karazana tetika maro izy ireo ary afaka mampiasa izany mba hanampy azy hahatontosy ny fianarana sy hanatratra ireo tanjona, ary hanao fampiharana ny fahalalan'izy ireo amin'izay toe-javatra vaovao mitranga. Manohy mampitombo ny lisitra fizahany ireo tetika ihany koa izy ireo amin'ny alalan'ny fisainana ireo fomba fiasa ampiasainy mba hahitana hoe inona no asa mety tsara ho azy ireo, amin'ny alalan'ny fandraisana tsara ny toro lalana sy ny tatitra momba izay natao, ary amin'ny alalan'ny fanarahana ireo modely sahaza na fifandrindrana amin'ireo. Afaka mihatsara ny vokatry ny fianarana raha toa ka manampy ireo mpianatra amin'ny fampivoarana, fampiharana ary fitsarana ireo fahaizan-tetika amin'ny fianarany ireo mpanabe.

1.3.5 Fieritreretana momba ny eritreritra (Metacognition na fihitaran'ny fahalalana). Ireo tetika avo lenta kokoa ampiasaina hifantenana sy hanaraha-maso ny fomba fiasan'ny ara-tsaina dia manamora ny fahaizan'ny saina mamorona sy mitsikera. Ireo mpianatra mahomby dia afaka misaina ny amin'ny fomba fieritreretany sy ny fianarany, mametraka fianarana sahaza tsara na tanjona hotratrarinana, mifantana ireo tetika hahaiza-mianatra na ireo fomba fiasa mety tsara azo atao, ary manara-maso ny fandrosoan'izy ireo mankany amin'ireo tanjona ireo. Ambonin'izany, ireo mpianatra mahomby dia mahalala izay atao raha toa ka misy olana mipoitra na raha toa ka tsy ampy ny ezaka ataony na tsy mifanojo amin'ny ilàna azy hahatongavana amin'ireo tanjona. Afaka mamorona fomba fiasa hafa izy ireo hanatrarana ny tanjony (na mamerina mandinika ny mahamety sy ny ilàna ny tanjona). Ireo fomba fiasa ara-pampianarana izay mifantoka amin'ny fanampiana ireo mpianatra mba hampivelatra ireo tetika avo lenta kokoa (mihitatra ara-pahalalana) ireo, dia afaka manatsara ny fianaran'ny mpianatra sy ny andraikiny manokana eo amin'ny fianarana.

1.3.6 Tontolon-kevitra manodidina ny fianarana. Ireo anton-javatra araka ny tontolo manodidina dia misy akony eo amin'ny fianarana, ao anatin'izany ny kolon-tsaina, ny teknolojia, ary ireo fanazarana ara-panabeazana.

Ny fianarana dia tsy hita ao anatin'ny babangoana. Ireo mpampianatra dia manana anjara asa lehibe mifampiankina sy miaraka amin'ny mpianatra no sady amin'ny tontolo manodidina ny fianarana ihany koa. Ireo hery miasa mangina amin'ny mpianatra, ara-kolon-tsaina na ao anatin'ny fikambanana, dia mety hisy fiantraikany amin'ireo lafiny maro isan-tsokajiny eo amin'ny fanabeazana, toy ny antony manosika, ny fironana mankany amin'ny fianarana, ary ireo fomba fisainana. Ireo teknolojia sy ireo fanazarana ara-panabeazana dia tokony hifanaraka amin'ny fari-pahalalan'ireo mpianatra tany am-boalohany, amin'ireo fahaizany ara-pahalalana, ary amin'ireo tetika ampiasain'izy ireo amin'ny fianarana sy fisainana. Ny tontolo manodidina ny toeram-pianarana, indrindra ny ambaratonga maha-manabe azy na tsia manokana, dia mety hisy fiantraikany lehibe ihany koa eo amin'ny fianaran'ny mpianatra.

1.3.7 Ireo hery miasa mangina eo amin'ny fianarana, araka ny antony manosika sy ara-pihetseham-po. Ny antony manosika ny mpianatra dia misy akony eo amin'izay fianarana sy ny habetsaky ny zavatra fianarana. Ny toetra ara-pihetseham-pon'ny tsirairay, ireo fiheverany, ireo fahalianany sy ireo tanjony, ary ireo fomba fisainana mahazatra azy dia misy akony kosa eo amin'ny antony manosika hianatra. Ny tontolo manan-karena ao anaty izay an'ireo fisainana, ireo finoana, ireo tanjona, ary ny fanampoizana fahombiazana na tsia, dia mety hanatsara na hiditra antsehatra eo amin'ny toetran'ny fisainana sy ny famakafakana izay hevitra voaray.

Ireo fiheveran'ny mpianatra momba ny tenany amin'ny maha-mpianatra azy ireo ary ny toetry ny fianarana dia misy akony misongadina eo amin'ny antony manosika. Ireo antony manosika sy ireo antony ara-pihetseham-po dia misy akony ihany koa eo amin'ny toetran'ny fisainana sy ny famakafakana izay hevitra voaray, tahaka ny antony manosika ny olona iray hianatra.

1.3.8 Antony lehibe manosika hianatra. Ny fitiavana mamoron-javatra ao amin'ily mpianatra, ny fandefasany ny fisainany lavidavitra kokoa, ary ny fahalianana mandeha ho azy ao anatin'ny, dia samy mandray anjara avokoa eo amin'ny fahavononana hianatra. Ny antony lehibe manosika hianatra, dia ampirisihan'ny asan'ireo zava-baovao sy fahasaratana lehibe hita, izay mifandraika amin'ny fahalianan'ny isam-batan'olona manokana ary manome safidy sy fifehezana manokana. Ny fitia te hahalala, ny fisainana mora mivelatra sy mora mahadini-javatra ary ny fitiavana mamoron-javatra, dia famantarana lehibe mampiseho ny fahavononana goavana ao anatin'ny mpianatra. Amin'ny kapobeny dia ireo no fototra mahatonga ny fahakingana sy ny fifehezan-tena manokana.

1.3.9 Ny vokatry ny fahavononana eo amin'ny ezaka atao. Ny fahazoam-pahalalana maro loha mbamin'ny fahaizana maro samihafa, dia mitaky ezaka mivelatra avy amin'ily mpianatra ary koa fampiharana arahana torolalana. Raha tsy vonon-kianatra ny mpianatra, dia azo antoka ny tsy hisian'ny fahavononana hampihatra io ezaka io. Ny fanaovana ezaka no famantarana lehibe anankiray mampiseho ny fahavononana hianatra. Ny fahazoam-pahalalana maro loha mbamin'ny fahaizana maro samy hafa, dia mitaky fampiasan-kery betsaka avy amin'ny mpianatra ary koa ezaka arahana paik'ady, miaraka amin'ny faharetana maharitra. Ny mpanabe dia tokony hihevitra tsara izay hanamorana ny fisian'ny fahavononana amin'ny alalan'ny paik'ady mampandroso ny ezaka ataon'ily mpianatra, miaraka amin'ny fanoloran-tenany hianatra sy hahatratra ny fenitra ambony mikasika ny fahatakarana-javatra. Tafiditra ao anatin'ny paik'ady mahomby ny fampiasana mikendry tanjona mazava, tarihan'ireo fampiasana izay manondrotra ny fihetseham-po ambony sy ny fahavononana hianatra, ary ireo fomba fiasa izay mampitombo ny hafatsapan'ny mpianatra fa tena mahaliana ary mahaso ny tsirairay manokana mihitsy ny asa anankiray.

1.3.10 Ny akon'ny fitomboana eo amin'ny fianarana. Rehefa mitombo ny olona, dia misy ireo tombontsoa sy zavatra tsy azo ihoarana samihafa momba ny fianarana. Mahomby indrindra ny fianarana rehefa heverina manokana ny mety tsy hisian'ny tsy firindrana eo amin'ireo sehatra mikasika ny fitomboana ara-batana, ara-tsaina, ara-pihetseham-po ary ara-piaraha-monina. Mahomby indrindra ny fianaran'ny olona rehefa mifanaraka tsara amin'ny dingan'ny fitomboana misy azy ny fitaovana ampiasainy ary voaseho aminy amin'ny fomba mahafinaritra sy mahaliana izany. Koa satria miovaova arakaraka ny sehatra ara-tsaina sy ara-piaraha-monina ary ara-pihetseham-po sy ara-batana ny fitomboan'ny olona, dia mety ho samy hafa ihany koa ny zava-bitany eo amin'ny sehatra ilàna fahalalana. Ny fanasongadinana mihoapampana atao amin'ny karazana fandrosoan'ny fahakingam-pitenenana—tahaka ny fahakingana eo amin'ny famakian-teny ohatra—dia mety hanakana ny mpianatra tsy hampiseho fa misy koa ny sehatra hafa manavanana azy. Misy fiantraikany eo amin'ny fitomboan'ny mpianatra miainga any amin'izay nipoirany, ara-pihetseham-po ary ara-piaraha-monina, mbamin'ny fomba fanazavany ny fanandramana azony teo amin'ny fiainany ny nampidirana azy nianatra tany am-boalohany, ny tranga tao an-tokantranony, ny kolontsainy ary ny fiaraha-monina nisy azy. Misy fiantraikany eo amin'ireo lafiny ireo ny fidiran'ny ray aman-dreny an-tsehatra dieny any am-boalohany sy amin'ny fomba mitohy eo amin'ny fampidirana an-tsekoly ny zanany, ny toetry ny fomba fiteny ampiasainy ary ny fifandraisana mirindra tsara eo amin'ny olon-dehibe sy ny ankizy. Ny fahafantarana tsara sy ny fahatakarana ireo fahasamihafana eo amin'ny fitombon'ny ankizy, na manana olana izy na tsia, eo amin'ny lafiny fihetseham-po sy vatana ary saina, dia manamora ny fisian'ny tontolom-pianarana tsara indrindra ho azy.

1.3.11 Ny akon'ny fiaraha-monina eo amin'ny fianarana. Ny fifandraisana ara-piaraha-monina sy ny fifandraisana manokana ary ny serasera amin'ny hafa dia misy fiantraikany eo amin'ny fianarana. Azo atao ny mampandroso ny fianarana rehefa ananan'ily mpianatra ny tombontsoa hifandray sy hiara-miasa amin'ny hafa mahakasika ny seha-pahalalana. Ny tontolom-pianarana tsy manisy fetra eo amin'ny fifandraisan'ny fiaraha-monina samihafa, ary manaja ny fahasamihafana mety hisy, dia mampirisika ny fivelaran'ny fomba fisainana sy ny fandroson'ny fiaraha-monina. Eo amin'ny tontolon'ny fifandraisana sy fiaraha-miasa mahakasika ny seha-pahalalana, dia tombontsoa ho an'izay voakasik'izany ny fahazoana fomba fijery hafa sy fomba fisainana mivelatra kokoa, izay mety hitarika ho amin'ny seha-pitomboana ambonimbony kokoa mikasika ny fahazoam-pahalalana

sy ny fiaraha-monina ary ny fitondrantena sy ny fiheverana tsara mikasika ny tenanao. Ny toetry ny fifandraisana manokana izay manome fahamarinan-toerana, toky ary fikarakarana dia mampitombo ny fahatsapan'ny mpianatra ny toerana misy azy, fanajan-tena sy fanekena ny toman'ny tenany ary mahatonga tontolom-pianarana mety tsara aminy. Ny hery miasa mangina avy amin'ny fianakaviana, ny fanohanana tsara avy amin'ny fifandraisana manokana ary ny fampianarana ny amin'ireo paik'ady ho amin'ny fahavononan'ny tena, dia afaka manolo toerana ireo anton-javatra mety hanelingelina ny fahazoa-mianatra amin'ny fomba mahomby, tahaka ny tsy finoana mikasika ny fahaizana zavatra anankiray, ny tebiteby fatratra, ny tsy fahatomombanan'ny anjara asa arapananahana sy ny mahakasika izany. Ny tontolom-pianarana mety tsara ihany koa dia afaka manampy eo amin'ny fanolokoloana sehatra fomba fisainana, fihetseham-po ary fitondran-tena mendrika kokoa. Ny sehatra toy izany dia hanampy ny mpianatra tsy hanan-tahotra eo amin'ny fanehoan-kevitra sy ny fandraisana anjara mavitrika eo amin'ny fianarany sady hamorona fiaraha-monina iray liana amin'ny fianarana.

1.3.12 Ny fahasamihafan'ny tsirairay eo amin'ny fianarana. Ny mpianatra rehetra dia samy manana paik'ady sy fomba fianatra ary fahafahana samy hafa avokoa eo amin'ny fandraisana izany fianarana izany, ka izany rehetra izany dia anjara asan'ny fanandramana noraisina hatrany amboalohany sy ny toetra nolovaina. Ny tsirairay avy dia nateraka hanana sy hampitombo ny fahaizana sy talenta izay nomena azy manokana. Ankoatra izany, tamin'ny alalan'ny fianarana sy ny fandraisany tanteraka kolontsaina hafa no nahazoany ny fomba fianarana manokana izay tiany sy mety aminy. Na izany aza anefa dia tsy voatery hahasoa mandrakariva eo amin'ny fanampiana ny mpianatra hahatratra ny tanjony momba ny fianarany izany fomba tiany sy mety aminy izany. Ny mpanabe dia mila manampy ny mpianatra handinika tsara ny fomba tian'izy ireo hianarana ka hampandroso na hanova izany raha ilaina. Ny fifandraisana misy eo amin'ireo fahasamihafana eo amin'ny mpianatra, mbamin'ny toe-javatra mifandraika amin'ny tontolo iainany, dia anton-javatra lehibe iray misy fiantraikany eo amin'ny vokatra azo mikasika izany fianarana izany. Mila mahafantatra tsara ny fahasamihafana misy eo amin'ny olona ny mpanabe an-kapobeny. Ilain'izy ireo ihany koa ny mijery akaiky ny fahatsapan'ilay mpianatra ny fetra farany anekena izany fahasamihafana izany sy ny hampifanandrifiana azy amin'ny fomba sy fitaovam-pampianarana samihafa.

1.3.13 Ny fianarana sy ny fahasamihafana. Mahomby indrindra ny fianarana rehefa heverina tsara sy dinihana akaiky ireo fahasamihafana eo amin'ny sehatra ara-pitenenana, ara-kolontsaina ary ara-piaraha-monina niangan'ny mpianatra. Mihatra amin'ny mpianatra rehetra izany fitsipipianarana sy fampirisihana ary fampianarana mahomby izany. Na izany na tsy izany, dia samy miantraika eo amin'ny fianarana avokoa ny fomba fiteny sy ny firazanana ary ny fiaviana sy ny zavatra inoana, mbamin'ny toerana eo amin'ny fiaraha-monina sy ara-toe-karena. Mampitombo ny mety hisian'ny tontolom-pianarana mifanentana tsara sy ny hanohanana izany ny fandinihana ampitandremana tsara ireo antony ireo, eo amin'ny sehatry ny fampianarana. Rehefa tsapan'ny mpianatra fa omena ny tombam-bidiny sy ny hajany ny fahasamihafana misy eo aminy eo amin'ny fahaizana sy ny fiaviana ary ny kolontsaina sy ny fanandramana, ka ampifanandrifiana amin'ny fomba fianarana sy ny tontolony, dia hitombo fatra ny faharisihana sy ny zava-bita.

1.3.14 Fenitra sy tombantombana. Ny fametrahana araka ny tokony ho izy ny fenitra ambony sy mitondra fampirisihana ary ny fanombantombanana ny mpianatra sy ny fandrosoan'ny fianarany—tafiditra ao ny fanombanana ny toe-javatra, ny fanatanterahana ary ny fanombantombanana ny vokatra—dia ampahany manontolo mahakasika ny fomba fianarana. Ny fanaovana tombantombana dia manampy fahalalana lehibe na ho an'ilay mpianatra na ho an'ny mpampianatra eo amin'ny dingana rehetra mikasika ny fomba fianarana. Mahomby ny fianarana rehefa mahatsiaro ho mahazo fampirisihana ny mpianatra mba hiezaka hanatratra ny zava-kendrena ambony araka ny tokony ho izy. Noho izany ny fanombanana ireo hery sy fahalemena eo amin'ny fandraisan'ny mpianatra fahalalana, ary koa ny fahalalana sy fahaizana ananany amin'izao fotoana izao, dia zava-dehibe tokoa eo amin'ny fisafidianana ny fitaovam-pampianarana tandrify.

[http://www.apa.org/ed/lcp.html/](http://www.apa.org/ed/lcp.html) Ny fanombantombanana mitohy ny fahatakarana'ny mpianatra ny fitaovana mifandraika amin'ny fandaharam-pianarany dia hanome fampahafantarana sarobidy ho

an'ny mpianatra sy ny mpampianatra mikasika ny fandrosony eo amin'ny fanatrarana ny tanjona napetrany. Ny fanombantombanana manara-penitra mikasika ny fandrosoan'ny mpianatra sy ny fanombanana ny vokatra azo, dia manome karazana fampahafantarana mikasika ny zava-bitan'ny olona voafaritry, izay hamantarana ihany koa ireo karazana fanapahan-kevitra mifandraika amin'ny fandaharan'asa. Ny fanombantombanana ny vokatra azo dia afaka manome loharanom-pahalalana hafa mikasika ny fanatrarana ny vokatra azo eo amin'ny lafiny fianarana. Ny tombantombana ataon'ny tena manokana mikasika ny fandroson'ny fianarana, dia afaka manatsara ihany koa ny fahaizan'ny mpianatra manombana ny tenany sy mampitombo faharisihana sy fianarana tarihin'ny tenany manokana. "<http://www.apa.org/ed/lcp.html/>

1.4 Fanasokajian'i Bloom

Tany amin'ireo taona 1950 no niaingan'ny famolavolana ny fanasokajiana nataon'i Bloom mikasika ny 'Cognitive Do' voalohany. Vao haingana no naverina nojerena indray izany ary nitarina mba hampitombo ny maha-sarobidy azy ho an'ny mpanabe. Nalamina ho ambaratongam-pisaintsainana sy andraikitra enina ny fanasokajiana. Ireo olona izay nandinika ny fanasokajiana voalohany tany amin'ny tapany faharoa amin'ny taonjato faha20, dia tsy maintsy hamerina hianatra kely ihany rehefa mandinika ilay naverina nojerena. Nomena anarana hafa ireo ambaratonga enina ao anatin'ny fanasokajiana naverina nojerena ka rafi-pitenenana mifanindran-dalana aminy no nampiasaina. Naverina nalamina koa izy ireo mba haneho ny fisainana amin'izao andro izao ho fisainana ambonimbony kokoa. Toy izao manaraka izao ireo ambaratonga enina ao anatin'ny fanasokajian'i Bloom naverina nojerena, miainga amin'ny ambaratonga ambany indrindra amin'ny fieritreretana hahazoam-pahalalana izany ka mankamin'ny ambony indrindra: Mitadidy, mahatakatra, mampihatra, mandinika, manombana, ary mamorona.

Anankiray amin'ireo fiovana nentina teo amin'ny fanasokajiana nataon'i Bloom naverina nojerena ny fampidirana ireo karazam-pahalalana efatra: Fahalalana ny trangan-javatra, fahalalana ara-poto-kevitra, fahalalana ny fomba fanatanterahana, fahalalana 'métacognitif'. Ny fahalalana ny trangan-javatra dia miresaka ny amin'ireo fahalalana ny tena zava-niseho marina miaraka amin'ny tsipiriany rehetra, tahaka ny fahafantarana ireo tsipiriany manodidina ny namantsihana an'i Kristy teo amin'ny hazo fijaliana. Ny fahalalana ara-poto-kevitra indray dia somary sarotsarotra kokoa ary mitaky ny mpianatra hiasa eo amin'ny foto-kevitra an-kapobeny, tahaka ny nahafatesan'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana ho solontsika noho ny famaizana mendrika ho ahy. Ny fahalalana ny fomba fanatanterahana indray dia mikasika ny hoe ahoana ny hanatanterahana ny zavatra anankiray, toy ny fomba fivavaka amin'Andriamanitra. Ny fahalalana 'métacognitif' dia miresaka ny amin'ny "fisaintsainana mikasika ny fomba fieritreritra". Asaina misaintsaina ny fomba fianarany ny mpianatra amin'izany ka hamantatra ireo hery sy fahalemen'izy ireo manokana.

1.4.1 Lasitr'ireo ambaratonga sy karazam-pahalalana novolavolain'i Bloom. Amin'ny fandaminana ireo ambaratongam-pieritreretana enina sy ireo karazam-pahalalana ao anatina lasitra iray no amoronan'ny mpanabe fitaovana fanaovana tombantombana mba hanombanana ireo lesona sy fandaharam-pianarana izay foroniny. Hita ao amin'ny takila manaraka izany lasitra izany.

1.4.2 Matoantenin'i Bloom sy ireo vokatra. Ho hitanao ao aorian'ny pejy misy ny lasitra ny dika omena ny mpianatrao izay misy ny ohatr'ireo matoanteny sy vokatra isaky ny ambaratongam-panasokajiana tsirairay avy. Hanampy ny mpampianatra hahatakatra bebe kokoa ny karazam-pieritreretana takian'ny ambaratongam-panasokajiana tsirairay avy izany. Tena ilaina tokoa ireo matoanteny ireo eo amin'ny famoronana enti-mody sy fanontaniana ary fampiasana ho an'ny mpianatra.

Lasitr'ireo ambaratonga sy karazam-pahalalana novolavolain'i Bloom*

Ampiasao mba hanaovana tombantombana ny Lesona sy ny fizarana maro samihafa ary ny fandaharam-pianarana

Ny velaran'ny fomba hahazoam-pahalalana	Ny velaran'ny fahalalana trangan-javatra	Fahalalana ara-poto-kevitra	Fahalalana ny fomba fanatanterahan	Fahalalana 'métacognitif'
--	---	------------------------------------	---	----------------------------------

Mitadidy

Mahatakatra

Mampihatra

Mandinika

Manombana

Mamorona

**adapted from Lorin W. Anderson and David R. Krathwohl, (2001). A Taxonomy for Learning, Teaching, and Assessing: A Revision of Bloom's Taxonomy of Educational Objectives. New York: Longman.*

Matoantenin'i Bloom sy ny vokany

Ambaratonga 1

Mitadidy

(Haiko)

MATOANTENY

Mahatadidy

Manambara

Mitadidy

Mandinika

Manome anarana

Mampiseho

Manao lisitra

Mandray an-tsoratra

Maneho

Mianatra

Manoratra

Mamerina

Mahatsiaro

Mahatadidy

Manondro

Milaza	Mitantara	Milaza anarana
Manipika	Mampitovy	mahay
VOKATRA		
Manao tabilao	Manao asamarika	manao sary
Maneho môdely	Manao saritany	mampiseho

Matoanteny sy vokatra ampiasain'i Bloom

Ambaratonga 2

MAHATAKATRA

(I Mahatakatra)

MATOANTENY

Mitatitra	mampifandray	mandika teny
Mampita	manova	manatsoaka hevitra
Mifanakalo hevitra	manomana	mamerina indray
Miverina mijery	maneho hevitra	manova endrika
Miady hevitra	milazalaza	maneho ny toerana
Milaza an-kapobeny	manazava	mitatitra
Manazava hevitra	milaza amin'ny fomba hafa	mamintina
Manao sary	milaza ny hevi-dehibe	

VOKATRA

Manao diagramme	manao diorama	manao kilalao
Maneho amin'ny tsipika maneho fotoana	mamelona ampahan-tantara	manao tatitra
Mampianatra lesona	mandray feo	

Ambaratonga 3

AMPIHARO

(AZOKO AMPIASAINA IZANY)

Matoanteny

Mampihatra	Maneho an-tsary	Mampitombo resaka
Mampiseho	Mampiasa	Mamindra
Mampifandimby anjara asa	Mamakafaka	Manao tatitra
Mampihatra	Miasa	Mitarika
Mamaha olana	Manao drafitra	Mitanisa
Manandrana	Manazava	Manasokajy
Mikirakira	mampiseho	Mamaha olana

Mandamina indray

Manorina môdely

VOKATRA

Fitsapan-kevitra

Sary miaina

Fanjairana

Diary

Ivon-toeram-pianarana

Sary sokitra

Sary mifampitohy

Fanorenana

Sary môdely (maquette)

Sary

Fanehoana an-tsary

**‘mobile’ (zavatra ahetsiky
ny rivotra na motera)**

Ambaratonga 4

Mamakafaka (Afaka ny ho lôjika aho)

MATOANTENY

Mamakafaka

Manasongadina ny tsy fitoviana

Manao kajy

Mitanisa

Manasokajy

Manadihady am-bava

Manao fanandramana

Manontany

Mamantatra

Manao famakafakana

Mitsikera

Mitantara

Maneho amin’ny diagram

Manasaraka

Manavaka

Manatsoaka hevitra

Mandinika tsara

Mampitaha

Mandinika akaiky

Manavaka zavatra samihafa

Mampivelatra

Mampitaha

Manadihady lalina

Miady hevitra

VOKATRA

Grafy

Andiam-panontaniana

Tabilao

Fitsapan-kevitra

Dokam-barotra

Tatitra

Tetiharana

diagrama

Firaketana ny zava-misy

Tspika maneho fe-potoana

Ambaratonga 5

Manao tombantombana (afaka mitsara aho)

MATOANTENY

Mitsara	Manamarina	Manombantombana
Mandrery	Mifidy	Miady hevitra
Manasokajy	Manamafy	Misafidy
Manamarina	Manova	Mihevitra
Manapa-kevitra	Miady hevitra	Manatratra
Mampanara-penitra	Manao tombantombana	Manolo-kevitra
Manombantombana	Mandanjalanja	Manombantombana

VOKATRA

Fitsapana hevitra	Fanombanana ny vondrona	Fanoratana
Fanombantombanana ny tena	Torohevitra	Taratasy
Fomba fijery	Tsoa-kevitra	
Fanandramana	Tribonaly	

Ambaratonga 6**MAMORONA (Afaka manao drafitra aho)****Matoanteny**

Mamorona	Manorina	Maka sary an-tsaina
Manambatra	Mamorona	Mamolavola
Manatsara	Mitantana	Mandrafitra
Manova	Mamokatra	Manomana
Milaza mialoha	Mihevitra	Manoso-kevitra
Misintona	Mandamina	Mandrindra
Manao drafitra	mametraka	Milaza amin'ny fomba
Raha sanatria ka . . .		Manao drafitra

VOKATRA

Tantara	Lahatsoratra an-gazety	Tantara mitohy an-tsary (BD)
Tononkalo	Famoronan-javatra	Fanaovan-tsakafo
Tantara an-tsehatra	Dihy	Fampisehoana ho an’ny ankizy
Fandaharana mivantana amin’ny onjam-peo	Sary hosodoko	Fanadihadiana momba ny dia lavitra iray
Mariônety		

Fizarana 2: Fitsipi-pampianarana avy amin’i Kristy

2.1 Mametraka tontolom-pianarana iray

Misy hery miasa mangina mivantana na tsy mivantana izay mamolavola ny rivotra iainana ao anatin’ny efitra fianarana iray na ny tontolom-pianarana. Misy sehatra roa lehibe izay isian’ny rivotra misy ny fanatrehan’i Kristy sy ipariahan’izany—ny tontolo *ara-batana* ao anatin’ny efitrano ary ny tontolo *ara-pihetseham-po*. Ny tsirairay avy amin’ireto foto-kevitra ireto dia samy notsoahana avy tamin’ny fanadihadiana ara-tSoratra Masina mikasika ny fampianaran’i Jesosy ao amin’ny Filazantsara avokoa.

2.1.1 Tontolo ara-batana

Voalohany, Kristy dia namorona tontolom-pianarana milamina ho an’ny mpianany. Tafiditra ao anatin’ireo fitsipika nampiasainy ireto manaraka ireto mba hisian’ny filaminana mikasika ny fianarana:

Mamorona fandaminana arakaraka ny asa atao. Ao amin’ny fampianarany i Kristy dia manovaova ny fandaminana sy ny fandrinrana ny “efitrano fianarana” arakaraka izay zavatra tiany hotanterahan’ny mpianany. Indraindray Izy no mampianatra vahoaka maro, indraindray zarazarainy ho vondron’olona madinidinika kokoa ny vondrona lehibe mba hanao asa anankiray, ary indraindray koa izy no nampianatra olona manokana.

Ho an’ny vondrona madinidinika kokoa. An’arivony maro ireo mpanara-dia an’i Jesosy. Na izany aza, dia nozarazarainy ho tarika madinika kokoa ireo mpianatra ireo mba hanatsarana ny fianarana sy ny fampiharana izany fianarana izany. Nalefany tsiroaroa ny mpianatra 72 mba hiasa. Nifidy apostoly 12 avy tamin’ny vondron’ny mpianatra lehibe kokoa Izy. Avy tamin’io antoko nisy 12 io indray no nifidianany mpitarika misy olona telo.

Manome andraikitra ny mpianatra. Tamin’ny fotoana samihafa Jesosy dia nanendry asa voafaritra ho an’ny mpianany mba hampivelarana ny fitarihan’izy ireo sy ny andraikitra vitany. Nasainy nandoa ny hetran’ny fiangonana tamin’ny vola avy tao am-bavan’ny trondro azony i Petera, nositraniny ny rafozam-bavin’i Petera mba hahazoany mikarakara ny vahininy, ary nalefany hanomana ny fiaraha-misakafo farany ny mpanara-dia Azy.

Avelao hihetsika. Jesosy tsy nihazona ny mpianany mipetraka na mitsangana amin’ny toerana iray mandritra ny fotoana maharitra. Tamin’ny fomba toy izany no nampitany ny fampianarany mba hahazoan’ny tsirairay avy mihetsika satria ilain’ny vatan’olombelona izany. Matetika Izy no nampianatra vondron’olona teny am-pandehana. Rehefa nampianatra sy namahana vondron’olona lehibe Izy dia fanaony ny mizarazara izany ho vondrona kelikely maromaro mba hanamarihana ny fiampitany miala amin’ny toriteny ka mankamin’ny fampianarana hafa. Ny fihetsehan’ny vatana ampian’ny seraseram-piaraha-monina nanodidina ilay famahanana sakafo mahagaga, izay niseho avy hatrany taorian’ny fampianarana natao tao anatin’ny toriteny, dia nanome ny tontolo tena lafatra indrindra ho an’ny fifanakalozan-kevitra ny vondrona kelikely iray, mikasika ny fampianaran’ny Mpampianatra sy ny fiantraikan’izany eo amin’ny fiainan’ny mpianatra.

Ataovy azo antoka ny fiarovana ara-batana ny ao an-dakilasy. Nitandrana ny momba ny fifandraisan’ny mpianatra tao “an-dakilasy” Jesosy ary nofantarin’ny hoe fitondran-tenan’iza no mety

hanohintohina ny fianarana na ny fahasalamana ara-batan'ireo mpianatra. Ohatra, nitsangana teo anelanelan'ny mpianatra sy ilay demoniaka teo amoron-dranon'i Galilia Izy. Nitsoaka ireo mpianatra fa Izy nitoetra teo "hanitsy" ny fitondran-tenan'ilay demoniaka ka tsy hisy atahorana intsony ny hahatonga azy ho isan'ireo mpanara-dia an'i Jesosy. Toy izany koa, tao Getsemane Jesosy dia niditra an-tsehatra raha saika hampiasa herisetra Petera mba hanova ny fandehan'ny tantara. Tsy takatr'i Petera izay tian'i Jesosy hampianarina avy amin'ny fanekeny ny sitrapon'Andriamanitra ao anatin'ny fisamborana, ny fitsarana ary ny fanombohana amin'ny hazo fijaliana. Natsahatr'i Jesosy ny fihetsika mahery vaikan' i Petera nataony izay azon'ny fahefany natao mba hanasitranana izay naratra.

2.1.2 Tontolo iainana ara-pihetseham-po

Tiavo ny mpianatrao. Fantatr'I Jesosy fa raha tsy mahatsapa ny mpianatra fa nekeny, tsy hanaiky izy ireo hianatra avy aminy na hianatra Azy. Nampiasa teknika manokana maro izy hahatsapan'ny mpianany fa tiany sy ekeny izy ireo. Voalohany, nivavaka ho an'ny mpianany Izy ary nampianatra izany azy ireo koa. Rehefa mifandray amin'ny mpianany Izy dia nampiasa ny anaran'izy ireo. Samy nanana ny maha-izy azy izy ireo teo imasony, fa tsy mambra'ny vondrona fotsiny, ary naveriny tao an-tsain'izy ireo mandrakariva izany isaky ny miantso azy ireo amin'ny anarany Izy. Ny fomba fahatelo nanampian'I Jesosy ny mpanaraka azy hahazo ny fanekeny azy ireo dia avy amin'ny fotoana nolaniany niaraka tamin'izy ireo ivelan'ny "kilasy". Tsy hoe nampianatra azy ireo Izy ary avy eo namela azy ireo mba hahafahany mitoetra irery. Nandany ora maro niaraka tamin'izy ireo Izy nefa tsy nisy endrika fianarana natao tamin'izany. Tsy mahagaga raha ny fahagagana voalohany voarakitra fa nataon'I Jesosy dia nataony nandritra ny hetsika ara-piaraha-monina nandianany fotoana niaraka amin'ny namany sy ny fianakaviany. Jesosy koa dia namangy ny tokatranon'ny mpianany. Fantany ny toerana fonenan'izy ireo ary fantany ny fianakaviany.

Ampio ny mpianatra hifankatia. Azon'I Jesosy fa ny tanjon'ny ministerany teto an-tany dia ny hanomana ny mpianatra hanohy ny hanitatra ny asany. Mba hahatonga ireo mpianany ho afaka hampihatra izay rehetra nianarany nandritra ny fotoana niarahany Taminy, ny fifanekena sy ny fifanohanana teo amin'ny samy mpianatra dia tena zava-dehibe tokoa. Tsy dia mahagaga raha narindran'I Jesosy ho tarika kely na ekipa ny mpianany rehefa hampanaoviny asa lehibe. Nandalo tamin'ireo dingana mampitombo ny fifampiankinanan'ny samy mpianatra ihany koa Izy tamin'ny alalan'ny fizarana anjara asa sy andraikitra.

Kolokoloy ny Fitokisana amin'ny fampianarana. Ny zavatra iray tian'ny mpianatra ho fantatra mandrakariva dia ny hoe tia ahy ve ny mpampianatra (jereo "Help Learners Feel Accepted by Their Teacher" eo ambony). Manaraka akaiky io fanontaniana io ny hafa maromaro. Ao anatin'izany ny hoe "Vitako ve ny zavatra atao ato amin'ity kilasy ity?" ary ny hoe "Ilaina ve ny mianatra na ny manao izany?" Ireo no fanontaniana tokony hotadidian'ny mpampianatra. Rehefa miteny amin'ny ankizy isika hanao zavatra mandritra ny lakilasy, ilaintsika ny mahazo antoka fa ny zavatra ampanaovintsika dia mifanaraka amin'ny fahaiza-manaon'ny ankizy ao an-dakilasy. Ilaintsika koa ny manao ireo asa sy hetsika hampivoatra ny fiainan'ny ankizy. Narahin'I Jesosy ireo fitsipika ireo nandritra ny ministerany. Rehefa manome asa ho an'ny mpianany Izy, matetika no manome "torolalana" na fampaherezana hamitan'izy ireo ny asa. Ohatra rehefa nampianatra azy ireo hivavaka Izy dia nanome modely halaina tahaka rehefa mivavaka amin'ny manaraka.

Ataovy azo antoka ny hisian'ny fandriam-pahalemana ara-pihetseham-po ao an-dakilasy. Amin'ny maha-olombelona antsika dia matetika isika no mora voatohina ara-pihetseham-po

mihoatra noho izay ekentsika aza. Matetika isika no miatahotra ompa, toetra ratsy, na fihetsika rasty. Ny ankizy, izay mbola marefo, dia vao maika mora voadona ara-pihetseham-po. Asantsika amin'ny maha-mpampianatra ny manao izay ahazoantsika antoka fa manaraka ny ohatr'I Jesosy isika ka rehefa mpampianatra dia maneho fanajana amin'ny zanak'Andriamanitra rehetra. Jesosy dia nampiditra ieo mambran'ny fiaraha-monina efa tafiditra tao. Tsy nataony tsinotsinona ireo manam-pahefana toy ny fariseo sy ny Sadoseo. Na izany aza, nandeha nihoatra izany vondrona izany Izy ka nampiditra ihany koa ireo voailikilika – toy ireo mpanarato tsy nandia fianarana, ny mpamory hetra, ary ny vehivavy israeliana. Fa ny tena nanaitra indrindra nandritrany asany angamba dia Izy nampiditra ihany koa ireo efa nolavina. Niasa tamin'ny mpanota Izy, ny jentilisa, ny vehivavy janga, ny boka. Ny fiaraha-monina iray manontolo dia nihevitra ireny olona ierny ho tsy mendrika ny hojerena akory, fa Jesosy dia nahita soritry ny endrik'Andriamanitra eo amin'ny olombelona lavo ka niasa mba hamerina izany amin'ny laoniny.

Tapany faha-3 : Fomba fampianarana

2.1 Mampianatra zava-misy sy hevitra

Ny zava-misy sy ny hevitra no fototry ny fianarana. Ny fahaizantsika manitatra ny fianarantsika sy ny asantsika ho amin'ny dingana ambonimbony kokoa fia miankina amin'ny fanaovana ho fototra iaingana ny fahalalana ara-java-misy sy ara-kevitra ananantsika ao anatitsika. Ny zava-misy, ny zava-mitranga, ary ny hevitra dia fantatra amin'ny anarana hoe fahalalana voambara. Ny fahalalana voambara dia iray amin'ireo karazan-pahalalana mahazatra tiantsika ampianarina ny ankizy. Ny fahalalana voambara dia misy ireo zavatra tian'ny ankizy ho *fantatra* ary ho *azo*. Ny mpampianatra fahalalana voambara dia miantso ho amin'ny antana-tohatra telo amin'ny fampianarana : (1) manampy ny ankizy handrafitra ny fahazahoany hevitra, (2) mpampianatra ny ankizy hampifanaraka ny zava-baovao ianarany amin'ny fahalalany voalohany, ary (3) manampy ny ankizy hampiditra ao an-tsainy (hitadidy) izay nianarany. Azon'ny mpampianatra atao ny mampiasa teknika fampianarana isan-karazany isaky ny antana-tohatra.

2.1.1 Mandrafitra fahazahoana hevitra

Misy teknika maro azon'ny mpampianatra ampiasaina hanampiana ny ankizy handrafitra ny fahazahoany manokana momba ny fahalalana voambara iray. Ohatra telo amin'ireo teknika fampianarana irao ny tabilao HFN, mampiasa ny retsi-mpandre, ary ny fitsaharana telo minitra.

HFN. Rehefa mampiasa ny kisarisary HFN, ny mpampianatra dia manomboka amin'ny fanomanana tabilao misy tsanganany telo. Ny tsanganana iray dia misy lohateny hoe “H”, ny faharoa dia asiana lohateny “F”, ary ny fahatelo dia asiana lohateny “N” (jereo ny ohatra eo ambany). Manomboka mampiasa ny HFN ny mpampianatra amin'ny fangatahana ny mpianatra hanao lisitra ny zavatra efa “Hainy” momba ny lohahevitra ao anatin'ny tsanganana manana lohateny “H”. Izany dia azo atao miaraka daholo raha kely taona ny ankizy na tsiroaroa na tsi-telotelo raha lehibe kokoa ny ankizy. Rehefa izany dia manao lisitra-na “Fanontaniana” eritreretiny mifanaraka amin'ny lohahevitra (ao amin'ny “F”). Rehefa feno avokoa ny tsanganana “H” sy “F”, dia anjaran'ny mpampianatra ny manohy ny lesona sady mitazona ny fanamarihan'ny mpianatra ao an-tsainy. Tokony ampifanarahan'ny mpampianatra amin'izay zavatra efa hain'ny mpianatra (famerenana kely fotsiny atao momba izany) ny fampianarana ataony sy izay zavatra tiany ho fantatra momba ilay zavatra. Rehefa vita ny lesona dia miverina amin'ilay HFN indray ny ankizy mba hameno ny tsanganana “N”. Ao amin'io tsanganana io no hanaovan'ny ankizy lisitra ny

zavatra “Nianarana” nandritra ny lesona. Mety ho tapitra mandritra ny “séance” iray ny lesona, mety hitohy herinandro maromaro koa anefa.

Mampiasa retsi-pandre. Matetika loatra rehefa mampianatra isika dia miankina be amin’ny hoe ny mpampianatra miteny sy manao fampisehoana ary ny ankizy mijery sy mihaino. Ny fanairana kokoa ireo retsi-mpandre rehetra dia hanampy ny ankizy hahazo tsaratsara kokoa. Raha mitaha amin’ny fampahalalana ara-baiboly sy ny fampisehoan’ny artista zava-niseho ao amin’ny baiboly, maninona moa raha mampiasa akanjo, sakafo ary fofona tena izy mihitsy mandritra ny Sekoly Sabata. Mamorona lesona hahafahan’ny ankizy mahita, mandre, mitsapa, manimbolo, ary manandrana ny tsiron’izay zavatra tianao ampianarina azy. Arakaraka ny ampiasan’ny ankizy bebe kokoa ny resti-mpandreny mandritra ny fotoana fianarana dia toy izay koa ny hitomboan’ny fifandraisana (connexion) miforona ao anaty atidohany.

Fitsaharana 3 minitra. Ny Fitsaharana 3 minitra dia ampiasaina miaraka amin’ny fitenenan’ny mpampianatra na ny famakian-teny (ho an’ny ankizy hafa ihany). Raha toa ka fomba mety hampitana fahalalana mivantana ny famakian-teny, indraindray kosa ny fahafahan’ny famakian-teny mizara fahalalana dia lehibe miohanatra ny fahafahan’ny mpianatra mandray fahalalana. Ny fitsaharana 3 minitra dia teknika izay mandray an-tanana ny olana momba ny fahalavan’ny fotoana ifantohan’ny mpianatra ary ny filàn’ny tsirairay hiasa amin’ny zava-baovao ianarana mba hahazoany tsara izany. Ny fomba fampiasa ny ny Fitsaharana 3 minitra dia hita ao aorianan’ny kisarisarin’ny HFN.

2.1.2 Mampifanaraka ny zava-baovao ianarana amin’ny fahaizana taloha

Ireo teknika hanampy ny ankizy handamina ny zava-baovao ianarany mba hifanaraka amin’ny fahalalany taloha dia misy ireo kisarisary fandaminana sy ireo fandravonana. Ity tari-dalana ity dia misy ireo fomba fampiasana ny HFN, T-Chart, na ny kisarisarin’I Venn. Ny torohevitra ho an’ny HFN, dia nomena teo amin’ny tapany teo aloha. Io fomba fandaminana amin’ny alalan’ny sary io dia tena ilaina rehefa manangana fahazahoana sy fandaminana hevitra. Ny fandravonana ireo foto-kevi-dehibe koa dia teknika hafa hanampy ny ankizy handamina ny fahalalana vao ianarany.

Tabilao T (T-Chart). Ny T-Chart dia manampy ny ankizy handamina ny zava-baovao ianarany amin’ny fijerena lalina izany manaraka fomba fijery roa. Ny tanjon’ny T-Chart dia ny hanampy ny ankizy hahazo hevitra saro-takarina sy manjavozavo toy ny hoe « Mametraka an’Andriamanitra eo aloha ». Ny T-chart dia « T » lehibe iray manasaraka ny pejy iray tsanganana roa sy tsivalana roa (jereo ny ohatra ao ambany). Ny tsivalana ambony indrindra no misy ny lohatenin’ireo tsanganana roa “Hita toy ny hoe” sy “Re toy ny hoe”. Avy eo, ambanin’ny lohateny ireo ankizy no mametraka ireo karazan-javatra mety ho “hitany” rehefa tena miseho ilay zava-misy, izany hoe soratany eo ambanin’ny lohateny hoe “Hita toy ny”. Eo ambanin’ny “Re toy ny”, ireo ankizy dia manoratra ireo karazan-pehezanteny mety hotenenin’ny olona na ireo feo mety ho re eo am-pandinihina ilay zava-misy. Jereo ny T-Chart efa feno natao ho ohatra ato amin’ity tari-dalana ity.

Kisarisarin’i Venn. Rehefa tafiditra ao anatin’ny dingan’ny fampianarana, ireo mpianatra dia matetika mila fomba handaminana ireo fahaizany vaovao mba hahatonga izany hanana ny dikany. Ny kisarisarin’I Venn dia ohatra-na sary (graphique) ahafahana mandamina ireo fahitana na mampitovy hevitra roa, zava-miseho na olona. Ny kisarisarin’i Venn dia maneho ny fitoviana (mitady izay mampitovy) sy ny fahasamihafana (mitady ny tsy fitoviana) amin’ny zavatra roa ka aseho amin’ny alalan’ny boribory roa izany. Amin’ny faritra mifampiditra ny boribory roa, dia

raisin”ny mpianatra an-tsoratra ao ny fitovian’ireo zavatra na hevitra. Amin’ny faritra tsy mifanindry kosa ny boribory roa, dia horaisin’ireo mpianatra an-tsoratra ao izay mampiavaka ny zavatra/hevitra tsirairay.

Tsy ny mandray an-tsoratra sy mandamina ny hevitra hita ihany anefa no asan’ny kisarisarin’i Venn. Ito kisarisary ito dia tena loharano tsara tokoa hanampy ny ankizy handamina ny valin-teniny holazainy na hosoratany. Ohatra, rehefa avy mandray an-tsoratra sy mandamina ireny (hevitra ireny) arakaraka izay mampitovy sy mahasamihafa azy ny ankizy dia hampiasa ny kisarisarin’i Venn ho toy ny fitaovana hangalany hevitra hanoratany lahatsoratra fampitoviana. Io lahatsoratra io dia manomboka amin’ny fampidirana ireo zavatra na hevitra roa, mitohy amin’ny fitanisana izay tsy mampitovy azy roa, mitohy mankany amin’ny fitoviany, ary mifarana amin’ny fehezan-teny fandravonana. Ho an’ny ankabeazan’ny ankizy 6-12 taona, ny lahatsoratra iray manontolo dia ho fehezan-teny dimy na enina. Ho an’ny ankizy sasany, ny fizarana tsirairay ao antin’ny lahatsoratra dia hila ny fanoratany paragrafy iray manontolo.

2.1.3 Fahaizana mitahiry

Ny filàna hitahiry izay nianarana dia ady mitohy ho an’ny ankizy. Kanefa, misy teknika hafa ankoatra ny fanaovana tsianjery “maimbo” afaka hanampy ireo ankizy hitelina na hitadidy ny zava-baobao ianarany ary mamoaika izany indray amin’ny fotoana ilàna azy. Ireto ny fitsipika telo mba hanampy ny fitadidian’ny ankizy. Ny bokin’ny Sakaiza dia maneho ny stratèzia manokana amin’ny antsipiriany kokoa. Ireo fitsipika telo ho amin’ny fitadidiana dia fifantohana, manambatambatra ary fampifandraisana.

Fifantohana. Ny fitsipika voalohany amin’ny fitadidiana dia ny hoe tsy maintsy mifantoka ny ankizy amin’izay zavatra ianarana. Maro ireo tolotra anaovana doka fa afaka hanampy anao hianatra fahalalana marobe kanefa tsy mila miezaka akory ianao, tsy marina anefa izany. Tsy maintsy mifantoka amin-javatra ianao raha te hitadidy.

Manambatambatra. Ny fitsipika faharoan’ny fitadidiana dia mikasika ny hoe toy inona ny habetsahan’ny azontsika raisina indray mandeha. Tsy mahomby isika rehefa miezaka mitadidy lisitra lava be misy zavatra isan-karazany ao anatiny. Miasa tsara kokoa ny lohatsika raha hitadidy zavatra dimy hatramin’ny fito indray mandeha. Rehefa mahatadidy vondrona misy zavatra dimy na fito, dia afaka mieritreritra isika hoe io vondrona io dia tambatra iray na ampahany iray ao amin’ny fitadidiansika. Izay fomba izay no ahafahantsika mitadidy fahalalana betsaka satria misy ampahany iray tadidiansika, ao anatiny dia misy ampaham-pahalalany kely dimy hatramin’ny fito hatrany.

Fampifandraisana. Ny fitsipika fahatelon’ny fitadidiana dia ny hoe azontsika tadidiana avokoa ny zavatra rehetra izay ampifandraisintsika amin’ny zavatra hafa. Manana mpiara-miasa aho izay tena mpamiasa maso. ny iray amin’ny fomba fitadidiana tiany indrindra dia ilay izy maka sary an-tsaina ny efitra rehetra ao an-tranony. Rehefa izany dia ampifandraisiny ara-tsaina ny toerana iray manokana ao an-trano, toy ny boaty fasiana mofomamy ohatra, sy ny hevitra na fahalalana iray tiany hotadidiana. Hapetrany ao amin’ny efitra iray avokoa izay karazam-pahalalana mitovitovy ary izay hevitra rehetra tokony hiaraka dia ataony indray ao amin’ny “efitra” hafa ao an-tsainy. Ireto koa misy teknika telo hafa fampifandraisana :

Teny afatotry ny rima (fantsika). Tian’ny ankizy ny rima. Izay fitiavana voajanahary izay dia azo ampiasaina hanampy ny fitadidiana ihany koa. Raha toa ka sarotra amin’ny ankizy ny teny vaovao

na ny mitadidy hevi-tra, asaivo mitady teny izy izay mirima amin'ily zavatra ianarana. Avy eo dia hampiasain'ily ankizy ireo teny efa mahazatra azy hanampy azy hitadidy ily fahalalana vaovao.

Teny fototra. Teknika hafa hitadidiana fahalalana midadasika be ny mifantoka amin'ny fitadidiana ny teny fototra. Rehefa tadidinao ny teny fototra mifanaraka amin'ny lohahevitra dia ho moramora avy ny mitadidy ny antsipiriany mamaritra ily lohahevitra.

Mahatsikaiky. Arakaraka ny hanaovana ily fampifandraisana hahatsikaiky no hahatsara ny fanampiany antsika hitadidy. Ny olona sasany mianatra mampiasa ireny fitsipika sy teknika ireny miaraka dia mamorona tantara na kisarisary mahatsikaiky izay mampiasa ny teny fototra ao anatin'ny mba hanampy azy amin'ny fitadidiana. Azony ampiasaina indray ireny tantara na sary ireny hanampy azy ireo hitadidy indray ny zavatra nianarany.

Lohahevitra : _____ Anarana: _____
Daty: _____

H

F

Fiatoana mandritra ny telo minitra

Dingana arahina

1. Mamaky teny na mampiseho fampianarana ny mampianatra mandritra ny 7-10 minitra

2. Mitsahara ary aoka ny ankizy hanao ireto asa manaraka ireto :

1. Mitodiha any amin'ny namanao ary mifampizarà ny hevitrao momba izay tsapanao fa hevitra lehibe indrindra voalaza tamin'ny fampianarana.

2. Fantaro izay hevitra tsy nazava taminao

3. Ataovy lisitra ireo fanontaniana tonga tao an-tsainao nandritra ny fampianarana

3. Tohizo indray ny vakin-teny n any fampianaran'ny mpampianatra mandritra ny 7-10 minitra

4. Avereno indray ireo dingana telo amndritra ny fitsaharana telo minitra

5. Avelao ny ankizy hangataka fanazavana ireo hevitra tys mazava ary ny fanontaniana napetrany.

T-Chart

Lohahevitra: Mandà hevitra amin'ny fomba mahafinaritra

Hita toy ny hoe

Re toy ny hoe

Mijery ny masonry sady mihivikivin-doha

“Hevitra mahaliana tokoa izany, saingy...”

Mitsiky rehefa miteny ny hevitrao

“Azoko tsara ny tianao holazaina...”

Mihaino ny hevitr'ilay olona aloha vao manao fanamarihana

“Tokony heverintsika koa angamba fa...”

Manainga soroka moramora

“Tsia, misaotra”

“Tsy manaiky aho, satria...”

T-Chart

Lohahevitra:

Hita toy ny hoe

Re toy ny hoe


Hita toy ny hoe	Re toy ny hoe

Kisarisarin'i Venn

Fampitahana

ny _____

Anarana _____



3.2 Fampiasana tantara

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia fomba nentina mampianatra mahomby tokoa nandritra ny arivo taona nisesy. Ao amin'ny Teaching the Faith : An Essential Guide for Building Faith-shaped Kids, izaho sy Donna Habenicht dia manome dingana fototra folo arahina amin'ny fampiasana tantara isan-karazany rehefa mampianatra ankizy (pejy 122-124). Ireto manaraka ireto ireo dingana ireo:

3.2.1 Tantara tena tsara safidiana. Mety nosintonina avy amin'ny fiainanao, Baiboly, boky gazety, na boky ireo tantara ireo. Tehirizo amin'ny toerana mora ahitana azy ny tantaranao tsara rehetra, ohatra hoe ao anaty “bloc-note” na ao anaty “classeur”.

3.2.2 Ianaro ilay tantara. Vakio dia avy eo avereno vakiana ny tantara. Tadidio ny fisehoan'ny fihetsika sy ny zava-miseho ao anatin'ny tantara., fa tsy ny teny voasoratra. Andramo alaina sary an-tsaina ny tantara rehefa miteny azy ianao. Tapaho ny hevitrao momba ny fomba hanombohana sy ny hamarananao ny tantara. Ary aza matahotra mampiasa karatra fitadidiana.

3.2.3 Safidio ny hevi-dehibe. Ny karazany sy ny isan'ny hevi-dehibe hampiasainao dia miankina amin'ny toetoetran'ny tantaranao sy ny taonan'ny ankizy hitantaranao azy. Ataovy izay ahazahoanao antoka fa takatrao izay mahaliana ny mpihaino anao ary inona ny hevi-dehibe na zava-miseho mety hanintona azy ao amin'ny tantara.

3.2.4. Manaova fanazaran-tena miteny mafy. Zava-dehibe manokana io ho an'ny mpitantara tsy za-draharaha. Mitsangana manoloana fitaratra na mangataha olon-dehibe hafa hihaino anao rehefa manao fanazaran-tena. Miantsoa ankizy ivelan'ny Sekoly Sabata misy anao dia manaova fanazaran-tena miaraka aminy.

3.2.5 Alaivo ny fifantohan'ny ankizy. Hazony ny fifantohan'ny ankizy hatramin'ny voalohany. Atombohy amin'ny amina zava-miseho, hevi-dehibe, fanontaniana, na zavatra tsy nampoizina.

3.2.6. Alaharo hanaraka lozika ny fizarana lehibe amin'ny tantara ambaranao. Ny fanampiana antsipiriany be loatra dia hadisoana itovizan'ny mpitantara tsy za-draharaha. Afantohy amin'ny zava-dehibe miseho ny tantara ary ialao izay fanaingoana tsy ilaina. Arakaka ny maha-kely ny ankizy, no tsy ahafahany manaraka ny antsipiriany.

3.2.7 Ataovy izay hanenon'ny tantara ho natoraly sy marina. Ampiasao ny fiteny azon'ny ankizy ny dikany. Mampiasa resaka. Ataovy ny feon-javatra mety ho re mandritra ny tantara.

3.2.8 Ajanony ny tantaranao eo amin'ny faratampon'ny mampahaliana sy mampandresy lahatra aminy. Ao aorianan'ny fotoana tsara indrindra amin'ny tantara, tonga dia farano haingana izany. Aza tohizana toriteny be na averina fintinina indray ny tantara sy ny lesona azo tsoahina amin'izany. Raha tsara lahatra ny tantaranao, ny ankizy ihany dia afaka “hahazo” ny lesona sy hanazava izany mandritra ny fotoana fifanakalozan-kevitra.

3.2.9. Ampandraiso anjara ao anatin'ny fifanakalozan-kevitra momba ilay tantara ny ankizy. Ampiharo ny fitsipika omen'ity tari-dalana ity mba hamoronana fanontaniana tsara sy mampitombo ho an'ny Sekoly Sabata. Anontanio ny ankizy ny karazana fanapahan-kevitra tokony horaisin'ireo olona ao main'ny tantara. Anontanio izay mety ho fihetseham-pon'izay ao amin'ny tantara, raha tsara na ratsy ny zavatra nataony.

3.2.10 Zava-dehibe ny vavaka. Rehefa manomana ny tantaranao ianao, ataovy izay ahazoanao antoka ny fitarihan'Andriamanitra, na ho an'ny faomanana na amin'ny fampianarana mihitsy. Tsy irery ianao ao anatin'ny asa amin'ny zanak'Andriamanitra.

3.3 Fanontaniana sy fifanakalozan-kevitra

3.3.1 Mandahatra fanontaniana tsara

Fero ny isan'ny fanontaniana izay mamerina fotsiny ny zava-niseho. Rehefa mahafantatra isika fa ny zava-miseho ao amin'ny Baiboly dia manan-danja, ilaintsika ny manamarina fa ny fanontaniantsika dia efa mihoatra ny fizarana “Mitadidy” sy “Mahazo” ao amin'ny fizaran'i Bloom. Tsarovy ny hanazatra ny mpandray anjara hamerina handinika ny fanontaniana tiany hoentina mandritrany Sekoly Sabata mba ho marina fa manontany momba ireo karazam-pahalalana rehetra izy ireo. . Ny “Cognitive Processes and Types of Knowledge Matrix” hitanao ato amin'ity fanofanana ity dia fitaovana tsara hanampy ny mpampianatra handahatra ireo karazam-panontaniana azony amboarina ho an'ny leson'ny Sekoly Sabata ny ny hetsika.

Mametraha fanontaniana hanosika ny ankizy hieritreritra. Ity dia fitsipika mameno ilay fitsipika teo aloha. Ilaintsika ny manila ny ankizy avy amin'ny fahalalana fotsiny ny zava-misy ao amin'ny Baiboly, ny tantara, ary ny andininy. Alahatsika ny fanontaniana hifanaraka amin'ny fizaran'i Bloom : Mampihatra, Mamakafaka, Mitsara izay vita ary Mamorona

Angataho ny ankizy mba hitantara zava-niseho tao amin'ny Baiboly sy fitsipika hoentiny amin'ny fiainany. Fampirisihana ny ankizy hikaoka sy hanazava hoe amion'ny fomba manao ahoana ny fisian'ny tantara ao amin'ny Baiboly sy ny fitsipika ao izay mifandray amin'ny fiainany manokana no tena fitsipika lehibe amin'ny fianarana sy fifanakalozan-kevitra momba ny Baiboly. Ny valin-teny omen'ny ankizy no ahafahan'ny mpampianatra “mahita” ny ao an-tsain'ny mpianatra. Mety ho hitan'ny mpampiantra amin'izany fa diso hevitra momba ny fitsipika iray ao amin'ny Baiboly ny ankizy iray. Angamba ho hitan'ny mpampianatra fa aleon'ny ankizy iray misafidy ny hihazona finoana hafa fa tsy izay ara-baiboly nampianarin'ny lesona. Amin'ny fahafantarana ny fomba fisainan'ny ankizy ao amin'ny kilasy, isika, mpampianatra dia ho afaka manomana fampianarana izay hanazava tsar any fahamarinana ilaian'ny ankizy ianarana sy ampiharina.

Soraty mialoha ny fanontaniana. Ny mpampianatra za-draharaha dia havanana amin'ny famoronana fanontaniana tsara, mampieritreritra rehefa manazava lesona. Zava-dehibe ny manoratra ny fanontaniana mety hipetraka mialoha ny hampianarana lesona. Ny ankabeazan'ny fanontaniana voaforona rehefa mandeha ny fampianarana dia tsy mitondra afa-tsy famerenana ny zava-misy fotsiny. Rehefa manoratra mialoha ny fanontaniana ny

mpampianatra dia afaka mamakafaka azy ireny raha toa ka manaraka dingana samihafa ny fanontaniana na tsia.

3.3.2. Ireo fomba hampitomboana ny fifanakalozan-kevitra ao amin'ny Sekoly Sabata

Niteny tamin'ny mpianany Jesosy mba hamela ny zaza hanatona Azy. Tiany rah any ankizy REHETRA no avela hanatona Azy. Azoko an-tsaina fa raha Jesosy no nampianatra kilasin'ny Sekoly Sabata, dia ho tiany ny ankizy handray anjara mavitrika. Mandritra ny fotoana ifanakalozan-kevitra, ny fihetsiky ny mpampianatra amin'ny ankapobeny no mamaritra n any ankizy rehetra no handray anjara na hisy sasany hangina ary tsy handray anjara. Mino koa aho fa raha tena manan-danja ny fanontaniana iray apetraka mandritra ny kilasy, dia hanan-danja ho an'ny ankizy REHETRA koa ny hamaly izany. Toy ny zavatra tsy mety ho vita izany raha toa ka mieritreritra ny karazana adi-hevitra miseho mandritra ny kilasin'ny Sekoly Sabata (sy ny hafa). Matetika dia toa izao hatrany no miseho.

Voalohany, mametraka fanontaniana ny mpampianatra. Faharoa, ny ankizy mahay ny valiny mananga-tanana. Fahatelo, tondroin'ny mpampianatra izay mpianatra hamaly ny fanontaniana. Fahaefatra, mamaly io mpianatra io ka afaka mandre ny kilasy rehetra. Farany, Ambaran'ny mpampianatra na marina na diso izany valim-panontaniana izany.

Amin'izay fisehoan-javatra izay dia vitsy ihany ny ankizy afaka milaza ny heviny na mifanakalo hevitra momba izay ekeny na tsy ekeny amin'ny iray kilasy. Raha toa ka miantso izay sahy hamaly ny mpampianatra dia ny mpanakorontana sy ny mpitsatotsatoka fa tsy ny ankamaroan'ny ankizy ao an-dakilasy no ho afaka mahazo tombony amin'ny adi-hevitra. Vaha-olana mahomby kokoa ny manaraka izao fomba izao rehefa miady hevitra ny kilasy.

Voalohany, mametraka fanontaniana ny mpampianatra, Manaraka izany, manome “fotoana ieritreretana ny mpampianatra ahafahan'ny ankizy misaina ny valin-teniny. Fahatelo, asain'ny mpampianatra mizara ny valim-panontaniany amin'ny namany iray avy ny ankizy. Fahaefatra, Mitsatoka anaran'ankizy vitsivitsy ny mpampianatra hizara ny valin-teniny amoin'ny iray kilasy. Manaraka izan, avelan'ny mpampianatra izay mazoto hamaly hizara ny valin-teniny amin'ny fanontaniana na hamaly izay valim-panontaniana renytamin'ny ankizy hafa. FARany, raha ilaina, dia mametraka fanontaniana fanitarana miankina amin'izay valin-tenin'ny ankizy .

Maro amin'ireo fomba fiasa ireo no voazava amin'ny antsipiriany eo ambany.

Manome “fotoana hieritreretana”. Ny fanomezana an'ireo ankizy fotoana ieritreretana momba ny valim-panontaniana iray na ny valin'ny fampiharana iray no zava-dehibe indrindra azon'ny mpampianatra atao mba hampirisika ho amin'ny fifanakalozan-kevitra tsara. Matetika loatra, amin'ny maha- mpampianatra antsika dia tsy dia mahazo aina loatra isika rehefa misy fahanginana. Vokatr'izany dia mitady olona isika hamaly avy hatrany raha vao voapetratsika ny fanontaniana. Izany anefa tsy manome fotoana ny ankizy hieritreritra momba ireo fanontaniana. Ny sasany amin'ireo ankizy afaka ny hamaly haingana ireo fanontaniana, kanefa maro ny ankizy sy olon-dehibe mila segondra vitsy hanomanana ny valim-panontaniany. Na dia ny fanomezana telo segondra hijanonana isaky ny avy mametraka fanontaniana aza dia hampitombo ny isan'ny ankizy ho afaka hamaly fanontaniana.

Ialao ny fiantsoana izay te-hamaly. Ny olana amin'ny fiantsoana izay te-hamaly dia ankizy tsy miova mihitsy no te-hamaly. Mazàna manodidina ny 20 isan-jaton'ny mpianatra no mahavaly n y80 isan-jaton'ny valin'ny fanontaniana. Aoka ny ankizy hizara ny valim-panontaniany amin'ny namany aloha (jereo eo ambany) ary avy eo dia antsoy an-tsapaka ny mpianatra vitsivitsy hizara ny valim-panontanianay amin'ny kilasy rehetra.

Aoka tsy ny “mpanakorontana” foana no asainao mamaly fanontaniana. Indraindray isika dia voatery mampianatra ankizy manana olana amin'ny fitondran-tena. Mora ery ny mametraka fanontaniana amin'ny vondrona ary avy eo dia manondro an'ilay “mpanakorontana” mba hahatonga azy hiasa ka tsy ho afaka hanakorontana. Kanefa, tsy dia rariny loatra izany fomba fiasa izany ho an'ny ankizy hafa ao an-dakilasy. Mila mandre ny hevitra ny ankizy mihoatra ny iray na roa fotsiny ny ankizy ao an-dakilasy.

Avelao ny ankizy hizara ny heviny amin'ny namany. Iray amin'ireo antony mahatonga ny ankizy sy olon-dehibe maro hisalasalala ny hizara ny valim-panontaniany amin'ny hafa dia ny tsy fahatokian-tenany. Betsaka amintsika no tsy mahazo aina rehefa miresaka amina vondron' olona na dia heverintsika aza fa tsara ny hevitra tiantsika hozaraina. Matahotra isika ny ho toy ny adaladala na koa hanao zavatra hahamenatra ny tenantsika. Izany olana izany dia azo vahana amin'ny fangatahana ireo mpianatsika hizara ny valin-teniny amin'ny mpiaramianatra aminy. Ny mizara ny hevitsika amin'ny olona iray diafihetsika tsy manahirana kokoa noho ny mizara izany amin'ny kilasy rehetra. Indraindray ny ankizy iray dia hahita fa diso ny valim-panontaniany ary azon'ny mpiaramianatra aminy atao ny manitsy izany. Amin'ny fotoana hafa kosa dia mety ho hitany fa eken'ny mpiaramianatra aminy fa tena “tsara” ny valim-panontaniany. Mandritra ny fotoana hifampizaran'ny ankizy ny valim-panontaniany, ny mpampianatra dia mila “mampifangaro ny olona” amin'ny fampihetsiketsehana ny kilasy mba hahatonga ny ankizy rehetra samy hiady hevitra momba ilay fanontaniana napetraky ny mpianatra.

Aoka hisy ankizy vitsivitsy hizara ny valim-panontaniany amin'ny vondrona manontolo. Rehefa avy miady hevitra momba ny fanontaniana iray niaraka tamin'ny namany avy ny ankizy, ny mpampianatra dia mety hangataka ny kilasy manontolo hihaino ny sasantsasany amin'ireo valin-teny. Izany dia azo atao amin'ny fanondroana an-tsapaka ankizy roa na telo mba hizara ny valin-teniny. Ny ankizy tsirairay izay voatonona mba hamaly eo anatrehan'ny kilasy manontolo dia afaka misafidy na hilaza ny valim-panontaniany manokana na ny valin-teny henony nolazain'ny namany. Raha toa ka tsy ataonao an-tsapaka ny fanondroana ny ankizy hizara amin'ny kilasy manontolo dia tokony hanana fomba ianao hitadidinao hoe iza ny ankizy efa voatonona. Ny tanjona kendrena dia ny hananan'ny ankizy rehetra anjara amin'ny famaliana.

Aza terena hamaly fanontaniana eo imason'ny rehetra ny ankizy. Ny ankizy sasany tsy manaiky hamaly fanontaniana eo imason'ny olona rehetra. Zava-dehibe ny manaja ny safidiny tsy hamaly. Mety hisafidy izy namany iray hilaza ilay valim-panontanianana nomaniny fa tsy ny tenany no hiteny. Na izany aza dia tokony omenao anjara foana izy hamaliany fanontaniana amin'ny fiantsoanao azy tsindraindray. Rehefa manao izany fomba izany ianao ary rehefa mahatsapa ny kilasy fa mety izany, n any mpianatra saro-kenatra aza dia ho ampy fahatokisana ny tenany ka hizara ny valim-panontaniany amin'ny kilasy manontolo.

Aza ferana hoe “azo ekena” ny valim-panontanianana rehefa mitovy amin'ny valin-teninao manokana. Matetika rehefa manomana fampianaran-desona isika, dia mahita fanazavana vaovao mikasika ny andininy iray ao amin'ny Baiboly na foto-kevitra iray. Indraindray isika dia mamorona fanontaniana misokatra izay mioididina an'io fomba fijery vaovao io. Na izany aza, amin'ny maha-boky nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra ny

Baiboly dia be dia be no lesona azo raisina isaky ny toko iray, tantara na andininy ao aminy. Mety efa nandinika kilasin'ny Sekoly Sabata ianao ka nahita mpampianatra mametraka fanontaniana misokatra kanefa “voajono” hanaraka ny valin-teny efa nomaniny ao an-tsainy ihany. Rehefa misy olona amin'izay manana hevitra mitovy amin'izay notadiaviny, dia hilaza ilay mpampianatra fa “marina” izany valiny izany. Vokatry ny fitadiavana olona hilaza izay hevitra ao an-tsainy, ny mpampianatra dia mety hanao tsinontsinona ny fomba fijery tena tsara entin'ny mambran'ny kilasy sasany. Amin'ny maha mpampianatra antsika dia tokony hivelatra ho amin'ireo lesona marobe entin'Andriamanitra ho an'ny mpianatsika isika avy amin'ny alalan'ny Soratra Masina.

Mba hanitarana adi-hevitra, tsindrio ny momba ireo fanontaniana mamerin-dalana avy amin'ny valin-teny. Matetika ny ankizy ao amin'ny Sekoly Sabata no hampitsiry hevi-baovao na fijery manokana ao anatin'ny lohahevitra dinihina. Indraindray ny ankizy dia mety haneho fahadisoan-kevitra mikasika ny foto-kevitra ny Baiboly. Rehefa ampy fampiharana, ny mpampianatra dia afaka mampitombo ny fahaizany mamorona fanontaniana mamerin-dalana rehefa mandeha ny adi-hevitra mba hahatonga ny lakilasy hieritreritra lalina kokoa ary handinika tsara ny momba ny hevi-baovao, ny fomba fijery manokana na ny fahadisoan-kevitra napoitran'ny valim-panontaniana farany. Indraindray mety ho tsapanao fa ny fanontaniana nipetraka tamin'ny voalohany dia tsy mazava ny tsy ampy. Ny fanontaniana mamerin-dalana dia azo ampiasaina amin'izay mba hanampy ny ankizy hampitombo bebe kokoa ny fahazahoany ny resaka, zava-niseho, na hevitra.

3.4. Fianarana miara-miasa tsotsotra

3.4.1 Fiaraha-miasa, tsy asa iraisana. Olona maro no maneho fihetsika mandà avy hatrany raha vao mandre ny fehezan-teny hoe « Mianatra miara-miasa ». Ny eritreritra voalohany tonga ao an-tsainy dia mitodika amin'ny fotoana nianarany tany an-tsekoly ka nanirahana azy hiasa ao anatin'ny tarika iray. Matetika ny fanandramana azony tamin'izany dia ny iray amin'ireto lalana ireto ihany. Na izy no nanao ny ankabeazan'ny asa mba hahazoana naoty tsara na nisy olon-kafa nanao ny asa rehetra fa izy dia toy ny tsy nanao n'inon'inona. Tena ilaina ny manavaka ny asa iraisana (hazavao fotsiny ihany) sy ny mianatra miara-miasa. Ny hoe “mianatra miara-miasa” dia manana toetra roa mamaritra azy sy manavaka azy amin'ny asa iarahana. Ao (araka ny fiantso azy amin'ny fampianarana) ny (1) Fifampiankinana Mahomby sy ny (2) Fandraisan'anjaran'ny Tsirairay. Amin'ny fiteny tsotra, ireo toetra roa ireo dia midika hoe (1) ny tsirairay ao anatin'ny tarika dia mila ny namany raha te-hahomby ary (2) ny tsirairay avy dia tompon'andraikitra amin'izay zavatra ianarany. Raha tafapetraka amin'ny toerany ireo toetra roa ireo, ny fianarana miara-miasa dia afaka hanampy ny ankizy hianatra sady mameno ny filany eo amin'ny fifandraisana ara-mpiaraha-monina.

3.4.2 Ny fiaraha-miasa ao amin'ny Baiboly. Misy fanohanana avo lenta momba ny fiaraha-miasa ao anatin'ny Baiboly sy ny Fanahin'ny Faminaniana. Ny Education dia mirakitra toko mitondra ny lohateny hoe “Fiaraha-miasa”. Io toko io sy ireo andininy ao amin'ny pejy manaraka azy dia azo ampiasaina ho fototry ny fianarana mandritra ny fandaharana “Fitsipi-mpampianarana”. Ireo toro-hevitra momba ny dingana arahina ho amin'ny “rafitra” isan-karazany hianarana miara-miasa, na ireo sori-dalana fampianarana, dia azo arahina ao amin'ny tari-dalana “Fiaraha-miasa ao amin'ny Baiboly”. Ny mpampianatra dia afaka mampiasa ireo drafitra ireo rehefa mpampianatra ny leson'ny Sekoly Sabata ka amin'izay dia

tsy hanahy ny momba ny Fifampiankinana Mahomby sy ny Fandraisan'anjaran'ny Tsirairay. Ireo toetra roa an'ny fianarana miara-miasa ireo dia miraiki-tampisaka amin'ny drafitra fianarana miara-miasa. Rehefa manolotra ity fampiofanana ity ianao dia afaka mampiasa koa ireo drafitra ireo isaky ny maneho fizaranan'ny tari-dalana. Izany dia ahafahan'ireo mpiofana mahazo traikefa momba ny fandraisanan anjara amin'ny sori-dalan"ny fianarana miara-miasa mialoha ny hanaovany koa fanandramana mampianatra izany.

Ny fiaraha-miasa ao amin'ny Baiboly

TESTAMENTA TALOHA

Tilikambon'I Babela	Genesisy 11
Torohevitri'i Mosesy momba ny fitsarana an'Israely	Eksodosy 18
Fanorenana ny tabernakely	Eksodosy 25
Fanamboarana indray ny manda	Nehemiah 2:20 & 3:1-32
Tso-drano ho amin'ny firaisana	Salamo 133
Manampy ny hafa	Ohabolana 27:17

TESTAMENTA VAOVAO

Ny lalàna volamena	Matio 7:12
Mamahana olona 5000	Matio 14:15-21
Manasa ny tongotry ny mpianatra	Jaona 13
Ny voaloboka sy ny sampany	Jaona 15
Mizara sy Miara-miasa	Asan'ny Apostoly 4:32
Asan'ny diakona amin'ny mpananon-tena	Asan'ny Apostoly 6
Ireo asa niarahan'I Paoly sy Barnabasy	
Ny fiasan'ny vatana	Korintiana 12
Ireo enta-mavesatra	Galatianina 6:1-10
Firaisana	Efesiana 4
"Iray hafa"	Efesiana 4:31-32; Filipiana 1:27; 2:1-8
Mampahery sy Mampionona	ITesaloniana 4:18
Mpampianatra avokoa ny rehetra	Titosy 2
Manentana ny hafa	Hebreo 10:24-25

3.4.3 Rafitra fototry ny fianarana ao antin'ny fiaraha-miasa

Nampidiriko ato amin'ny pejy manaraka ny fanazavana fohifohy an'ireto rafitra fiaraha-miasa tsotsotra. Voampirinty misaraka tsara isaky ny pejy izy ireo ka noho izany dia azonao atao "photocopie" ary zaraina amin'ny mpianatra mandritra ny fampianaranao. Ampirisiho ny mpandray anjara hampiasa azy ireny ihany koa rehefa mampianatra. Azony atao ny manao peta-drindrina izany ao an-dakilasy ary mampianatra ny mpianatra ireo teknika arakaraka ny fampiasana azy.

- ? Asa an-taratasy misandrahaka
- ? Zoron-trano
- ? Fanangonan-kevitra haingana 4S
- ? Manambatambatra
- ? Miarakana izay mitovy nomerao
- ? Tsiroaroa (Mitodiha eo amin'ny akaikinao)
- ? Latabatra boribory
- ? Mizara
- ? Drafitr'asa isan-tarika
- ? Mieritreritra-Miaraka tsiroaroa-Mizara
- ? Mieritreritra-Miaraka tsiroaroa-Mikaon-doha
- ? Mieritreritra-Mikaon-doha-Mizara
- ? Tsiipiky ny lenta (Continuum)

Ireto ny famaritana ireo teny fototra ao amin'ireo rafitra ireo izay hanampy anao hahazo bebe kokoa ny dingana ho arahina rehefa mamaky azy ireo ianao.

Tsiroaroa – vondrona ankizy/mpianatra roa. Mandritra ny fotoana hizarana tsiroaroa, ireo ankizy roa ireo no hanaraka ny baikon'ny mpampianatra, ary koa hevy hevitra ny amin'ny valin'ny fanontaniana iray.

Mizara – Mandritra ny fotoana fizaràna, ny mampianatra dia misafidy ireo ankizy hizara ny valinteny tamin'ny fanontaniana na **fianarana fohy** ho an'ny kilasy manontolo. Teknika efatra ho fampirisihana ny ankizy hizara ny heviny sy ny valinteny no ho hitanao ao amin'ny pejy mitondra ny lohateny hoe "Mizara" eo ambany.

Mikaon-doha – Vondrona andizy/mpianatra telo na efatra mipetraka manao boribory na manodidina ny latabatra. Mandritra ny fotoana fiakonon-doha, ny mpianatra dia manaraka ny baikon'ny mpampianatra, toy ny hoe miady hevitra momba ny valin'ny fanontaniana napetraka.

Mieritreritra – Ity teny ity dia mifandraika amin'ny "fotoana fieritreretana" omena ny ankizy tsirairay ahafahany manapaka ny valin-teniny amin'ny fanontaniana na fianarana fohy. Raha toa ka tsy manome segondra maromaro ho an'ny mpianatra rehetra ianao hieritreretany ny valin'nyfanontaniana, dia hanjary hanome vahana ireo mpianatra izay afaka mieritreritra haingana kokoa ary ireo ankizy hafa dia tsy ^hanandrana akory "mieritreritra" satria fantany fa hisy ankizy mailaka noho izay foana hamaly ny fanontaniana.

Ny maro amin'ireto teknika fiaraha-miasa na ireo firafetany dia voazava lalindalina kokoa ao anatin'ny boky Cooperative Learnings, nosoratan'i Spencer Kagan , izay natotan'ny Resources for Teachers , San Jaun Capistrano. Ny boky dia azo vidiana amin'ny fiantsoana ny laharana 1-800-WEE-CO-OP

Any Etazonia

Asa an-taratasy misandrahaka (Blooming Worksheets)

Ny **Blooming Worksheets** dia namboarina mba ho tontosaina ao anatin'ny asa isan-tarika. ny firafitry ny taratasy fiasana dia mifototra amin'ny fisandrahaky i Bloom. Izany hoe, ny taratasy fiasana tsirairay avy dia misy ny iray amin'ireo lohahevitra isaky ny dingana mifanaraka amin'ireo felana dia ny: mitadidy, mahazo ny hevitra, mampihatra, mandinika, Mitsara izay efa vita, ary mamorona. Raha toa ka natao ho vitain'ny tarika rehetra ny taratasy, ny tsirairay avy amin'ireo taratasy ireo kosa dia misy asa fanalana andro na fanitarana ny lesona ho an'izay tarika mahavita aloha. Misy ohatra, mifandraika amin'ny famakian-teny mikasika ny toe-tanin'I Kenya ito ambany ito.

Blooming worksheet

Ny Fanjakan'I Solomona

Vitao ireto asa manaraka ireto, fa tsy eto amin'ity pejy ity:

1. (Mitadidy) Tanisao ireo firenena sy ireo faritra voa-janahary nitambatra ho fanjakan'I Solomona
2. (Mahazo ny hevitra) Lazalazao ny paozin'ny "Tempolin'I Solomona"
3. (Mampihatra) Raha mandeha mankany amin'ny Tempolin'I Solomona ianao hanatrika ny paska, inona no karazan'akanjo ilainao hiatrehanao ny toetr'andro?
4. (Mandinika) ampitahao ny mampitovy sy mahasamihafa ny fanjakan'I Davida sy Solomona Iza amin'ireo fanjakana ireo no mitovy kokoa amin'ny firenena Israely ankehitriny? Hamarino amin'ny alalan'ny zava-misy telo (3) ny hevitrareo.
5. (Mitsara izay efa vita) Aoka ho ataon'ny tsirairay ity . Misafidiana ny faritra jeografika na tanana iray tao amin'ny fanjakan'I Solomona izay tianao hotsidihina ary hazavao hoe nahoana. Manorata paragrafy iray manazava ny safidinao. Asio fehezan-teny fototra, fanambarana zava-misy na hevitra afaka hanohana ny fehezan-teny fototra nomenao, ary asio teny famaranana.
7. (Mamorona) Asehoy an-tsary ny iray amin'ireo fanaka tao anatin'ny tempolin'I Solomona

Fanalana andro (raha nahavita aloha ianareo)

8. (Mamorona) Raha toa ny Fanjakan'I Solomona aseho amin'ny alalan'ny orkestra, inona avy ireo zava-maneno hjo ampiasaina? Nahoana?

Zoron-trano (Corners)

Dingana arahina

Ny zoron-trano dia teknika fiaraha-miasa mitaky amin'ireo mpianatra mba handray iray amin'ny safidy efatra atolotra ka manazava ny anton'ny safidiny. Indreto ny fomba fiasa amin'ny zoron-trano:

1. Atolotra ny fanontaniana sy ny valiny efatra azo isafidianana
2. Fotoana ieritretana. Manapa-kevitra ny safidiny manokana ny mpianatra
3. Filazana ny zoron-trano. Azonao atao amin'izay ny mametraka ny safidy iray isaky ny zoron-trano.
4. Mitambatra isan-jorony ny mpianatra(arakaraka ny safidiny). Mitambatra tsiroaroa ary mifanazava ny antony nanaovany io safidy io.
5. Milaza amin'ny fomba fiteninao . Nareo tsiroaroa no manatona tsiroaroa hafa(samy eo amin-ny zoron-trano iray) ary ny fanazavan'ny namanao teo no averinao amin'ny fomba fiteninao manokana
6. Tatitry ny zoron-trano. Asain'ny mpampianatra manazava ny anton'ny safidiny amin'ny lakilasy ny zoron-trano iray
7. Milaza amin'ny fomba fiteniny ny zoron-trano. Ireo mpianatra amin'ny zoron-trano sisa dia mamerina tsiroaroa izay voalaza amin'ny fomba fiteniny manokana. Averimberina isaky ny zoron-trano ny dingana 6-7.
8. Famehezana isan-tarika. Ataovy izay hahatonga ny mambra tsirairay ao amin'ny tarika rehetra dia afaka manome antonym iray ho an'ny safidy iray.

4S Fanangonan-kevitra haingana(Brainstorming)

Dingana arahina

1. Ampidiro ny lalanan'ny fandaharana “brainstorming”:
 - a. **Hafainganana** : mandeha faran'izay haingana
 - b. **Fahaizana miara-miasa** : manangan-javatra avy amin'ny hevitra ny hafa

- c. **Adaladala** : Izay hevitra heverinao ho adaladala amin'ny minitra iray dia mety hiova ho hevitra tsara be ny minitra manaraka iny. Manomeza hevitra adaladala indraindray.
 - d. **Manohana** : Asa isan-tarika ity—aza ambaniana na haratsiana ny hevitra ny hafa.
2. Omeo andraikitra ny tarika. Mambra iray isan-tarika no tompon'andraikitra amin'ny fampiharana ny lalàna voatanisa eo ambony. Raha voafehinao ny momba ny “T-Charts”, manaova T-chart ho an'ny lalàna tsirairay voatanisa eo ambony. Raha tsy tena mahazatra anao ny mampiasa T-chart dia asaivo mikaroka izay mety ho teny, andian-teny na fehezan-teny afaka mampirisika ho amin'ny fanatanterahana ny lalàna voatanisa eo ambony ny tarika tsirairay. Ohatra, mba hampirisika ho amin'ny fandehanana haigana ny mambra ny tarika iray dia faka hiteny hoe : “haingana, haingana, haingana kokoa”.

Manambatambatra (Jigsaw)

Dingana arahina

1. Omany ny hevitra rehetra
Zarazarao ny hevitra izay tokony ho aseho ho fizarany mitovitovy (eo amin'ny 4 eo matetika). Asaio marika #1, #2, #3, dia toy izay hatrany.
2. Zarao ny hevitra—
Ho an'ny tarika tsirairay, ny isam-batan'olona dia samy omena ny anjarany amin'ny hevitra. (Mampiasa fitaovana hanoratanao ireo hevitra)
3. Miasa irery ny mpianatra
 - a. Samy mamaky ny hevitra voarainy ny mpianatra
 - b. Ny mpianatra tsirairay no manapaka hoe inona no antsipiriany mafonja indrindra tokony hianarana avy amin'izany hevitra izany; ary
 - c. Mbola ny mpianatra tsirairay ihany no mitady izay fomba mety indrindra hampianarany izany hevitra izany ny gropy miaramiasa aminy.
4. Matihanina amin'ny fampianarana
Ny mpianatra tsirairay dia omena fotoana voafetra ahafahany manolotra ny heviny amin'ny gropy mpiara-miasa aminy.
5. Fanadinana

Ny mpampianatra no misafidy izay fomba tsara indrindra hanadinana ny fianarana nataon'ny mpianatra. Mety fametrahana fanontaniana toy ny mahazatra na fomba fanadinana hafa.

Miaraka izay mitovy nomerao

Dingana arahina

1. Manomana ny fomba hamaliana ny fanontaniana ny mpampianatra.

Ohatra :

Valiny eo amin'ny tabilao — Omeo faritra eo amin'ny tabilao ny tarika tsirairay

Valiny amin'ny solaitra – Omeo solaitra sy “la craie” iray avy ny tarika na omeo “tableau blanc”

Valiny am-bava – solontena iray isan-tarika no mamaly amin'ny feo avo

2. Ny tsirairay ao amin'ny tarika dia maka nomerao iray avy miatomboka amin'ny (1).

3. Mametraka fanontaniana ny mpampianatra

4. Samy mikaon-doha ny tarika rehetra ary manapa-kevitra ny amin'ny valim-panontaniana

5. Miantso ny mpampianatra fa tapitra ny fotoana. Mijanona ny fivoriana isan-tarika.

6. Misintona nomerao iray an-tsapaka ny mpampianatra (Mampiasà fitaovana filokana na karatra vitsivitsy misy nomerao)

7. Izay mpianatra manana ilay nomerao voasintona no mamaly arakaraka izay fomba nosafidian'ilay mpampianatra.

8. Averimbereno ny dingana faha-3 hatramin'ny faha-7 mandrapahavoavaly ny fanontaniana rehetra.

Mety hanome isa izay mahavaly marina ianao ary hikajy marika ho an'ny mambran'ny tarika raha tianao ny hanao izany.

Tsiroaroa

Dingana arahina

Ny **tsiroaroa**, indraindray antsoina hoe **Mitodiha eo amin'ny akaikinao** angamba no mora tsotra indrindra amin'ireo teknikan'ny fiaraha-miasa. Toy izay ny fomba fanaovana azy :

1. Mametraka fanontaniana ny mpampianatra

2. Mizara tsiroaroa ny mpianatra
3. Tsiroaroa no miady hevitra

Latabatra boribory

Dingana arahina

1. Mametraka fanontaniana ny mpampianatra
2. Ny mpianatra voalohany isaky ny gropy no manoratra valiny amin'ny taratasy iray avy ary manome izany ny mpianatra faharoa
3. Ilayy mpianatra faharoa isaky ny gropy indray no manoratra valiny ary manome ny taratasy ho an'ny mpianatra manaraka
4. Dia toy izany hatrany (am-pahanginana fa tsy misy miteny) mihodididna ny latabatra

Ho an'ny fanontaniana sasany, mety ho ampy raha indray miodina fotsiny ny taratasy. Ho an'ny fanontaniana sasany kosa mety ho maromaro ny fiodianan'ny taratasy ny latabatra, karazana “brainstorm” (fanangonan-kevitra) mangina izany.

Matetika, rehefa tafaodina ny latabatra ny taratasy dia efa nanomana planina ny mpampianatra hahafahana mizara ny vokatra amin'ny kilasy na ny gropy hafa. Indraindray ny mpampianatra mety hanohy ny hetsika avy amin'ny alalan'ny lisitra voavoatra nandritra ny latabatra boribory.

Naoty : Raha manao ireo dingana ireo fa am-bava fotsiny dia roundrobin no fiantoana azy.

Mizara

Ireo fomba hahatonga ny mpianatra hizara amin'ny kilasy manontolo

Pasohy ny karatra. Soraty ao amin'ny karatra 3x5 ny anaran'ny mpianatra dia antsoy ny anaran'izay sendra voasintona ao.

Mananga-tanana. Tandremo sao dia ny mpianatra efa mandray anjara foana no mamaly

Fizarana miaraka. Asaivo manoratra ny valiny amin'ny taratasy lehibe ny mpianatra tsiroaroa (na koa izarao faritra kely amin'ny tabilao avy) ary ataony sora-baventy izany. Avy eo ny iray avy amin'ireo mpianatra tsiroaroa ireo no mametaka izany taratasy misy sora-baventy izany eo amin'ny rindrina.

3 mipetraka, 1 mandehandeha. Solontena iray isaky ny tarika mpiaramikatroka no mandehandeha any amin'ireo tarika hafa toy ny ireny mpilaza vaovao ireny.

Drafitr'asan'ny tarika

Ny drafitr'asan'ny tarika dia azo sokajiana miala avy amin'ny tsotra mankany amin'ny be filirony indrindra. Ny voaloham-bokatra azo avy amin'ny drafitr'asa isan-tarika dia ny sinerjia na ny fijoron'ny tarika. Ireo drafitr'asa isan-tarika dia mety ho tena tsotra toy ny hoe misafidy izay tarika mahavita sarisary tsara indrindra amin'ny gaoma sy “cure-dents”. Izy ireo koa dia mety ho sarotra arakaraka ny tian'ny tarika. Na tsotra na sarotra nefa izy ireo, ny drafitr'asa isan-tarika dia tokony hanome ireto toetoetra manaraka ireto :

- 1- Fandraisana anjara mitovy—Ny mambra tsirairay ao amin'ny tarika dia manana anjara asa lehibe hotanterahina.
- 2- Fizarana asa na andraikitra—Ho an'ny drafitr'asa tsotra dia fanomezana anjara toerana ny tsirairay. Ho an'ny drafitr'asa lehibe dia ny fizarana ny asa izay zaraina mitovy amin'ny rehetra.
- 3- Fivoriana fanomanana sy jery todika matetika—Ny drafitr'asa tsotra dia mety ho vita ao anatin'ny fotoam-pianarana iray, kanefa mila mandrefy matetika ny fikambanany ny tarika. Raha drafitr'asa lehibe kokoa, mila mihaona matetika ny mambran'ny tarika hanaovana tatitra momba ny dingana vita sy izay tokony ho atao hanatsarana ny fomba fiasan'ny vondrona.
- 4- Vokatra isan-tarika.—Amin'ny farany, ny tarika rehetra dia samy maneho vokatra farany, voaomana.

Ohatra tsotra momba ny drafitr'asan'ny isan-tarika

Ireto drafitr'asan'ny tarika ireto dia namboarina mba hanampy ireo tarika mpiara-mianatra hampitombo ny fifankafantarana ao amin'ny tarika. Tokony omena fahafahana ny tarika tsirairay haneho na hanamarina ny tsirairay amin'ireto vokatry ny fiarahan'ny tarika manaraka ireto (nasiako izay heveriko ho fahaizana ilaina ny hetsika tsirairay)

1. Misafidy anarana ho an'ny tarikareo izay mifanaraka amin'ny [hevi-dehiben'ny kilasy] (fahaiza-miteny, Fifandraisana amin'ny hafa, aralozika)

2. Manao logo ho an'ny tarika. Izany dia sary (sary tanana, sns..) izay maneho ny tarikareo. Tokony haseho miharihary eo amin'ny faitra misy ny tarikareo izy io. Resaho amin'ny mpampianatrareo ny toerana mety hametahana azy. (Fahaizana maneho an-tsary, Fahafantarana ny tena, Fifandraisana amin'ny hafa)
3. Isa ho an'ny tarika. Misafidiana isa iray ary ataovy izay hanehoanareo ao amin'ny tarika io isa io amin'ny fampiasana ny vatanareo ihany. (Ara-matematika, Fahaiza-mihetsika/Kinestetika, Fifandraisana amin'ny hafa)
4. Fifandraisan-tanana manokan'ny tarika (Fahaiza-mihetsika/Kinestetika, Fifandraisana amin'ny hafa)
5. Hira/rap ho an'ny tarika (Fahaizana manaraka gadona/mozika, fahaiza-miteny, fifandraisana amin'ny hafa)
6. Fihetsika mirindra arahina teniteny na hira ho an'ny tarika (fahaiza-miteny, Fahaiza-mihetsika, Fifandraisana amin'ny hafa)
7. Masikôty ho an'ny tarika—Misafidiana biby na zava-maniry izay maneho ny tarikareo (Fahaizana zava-boahary)

Mieritreritra-Miaraka tsiroaroa-Mizara

Dingana arahina

1. Mametraka fanontaniana ny mpampianatra
2. Ny tsirairay dia **mieritreritra** ny valin'ny fanontaniana (Azonao angatahina ny mpianatra hanoratra ny heviny)
3. Mikambana tsiroaroa ny mpianatra ary mizara ny heviny amin'ny namany. Ny fomba tsotra indrindra hanambarana ny mpianatra tsiroaroa dia ny mangataka azy hitodika amin'ny eo anilany. Raha toa koa efa mipetraka tsi-efatrefatra ny mpianatra dia asaina mizara tsiroaroa. Raha sendra tsy mety zaraina roa ny isan'ny mpianatra dia ho voatery ianao hanisy tarika iray misy olona telo.
4. Mizara hevitra amin'ny kilasy manontolo ny mpianatra. Mety ho ny heviny manokana no zarainy mety ho ny hevity ny namany. Maro ny fomba azo ampiasaina hanaovana an'izany. Azonao atao ny misafidy amin'ireto:

Pasohy ny karatra. Soraty ao amin'ny karatra 3x5 ny anaran'ny mpianatra dia antsoy ny anaran'izay sendra voasintona ao.

Mananga-tanana. Tandremo sao dia ny mpianatra efa mandray anjara foana no mamaly

Fizarana miaraka. Asaivo manoratra ny valiny amin'ny taratasy lehibe ny mpianatra tsiroaroa (na koa izarao faritra kely amin'ny tabilao avy) ary

ataony sora-baventy izany. Avy eo ny iray avy amin'ireo mpianatra tsiroaroa ireo no mametaka izany taratasy misy sora-baventy izany eo amin'ny rindrina.

3 mipetraka, 1 mandehandeha. Solontena iray isaky ny tarika mpiaramikatroka no mandehandeha any amin'ireo tarika hafa toy ny ireny mpilaza vaovao ireny.

Mieritreritra-Miaraka tsiroaroa-Mikaon-doha

Dingana arahina

5. Mametraka fanontaniana ny mpampianatra
6. Ny tsirairay dia **mieritreritra** ny valin'ny fanontaniana (Azonao angatahina ny mpianatra hanoratra ny heviny)
7. Mikambana tsiroaroa ny mpianatra ary mizara ny heviny amin'ny namany. Ny fomba tsotra indrindra hanambarana ny mpianatra tsiroaroa dia ny mangataka azy hitodika amin'ny eo anilany. Raha toa koa efa mipetraka tsi-efatrefatra ny mpianatra dia asaina mizara tsiroaroa. Raha sendra tsy mety zaraina roa ny isan'ny mpianatra dia ho voatery ianao hanisy tarika iray misy olona telo.
8. Mikaon-doha miaraka amin'ny tarika misy azy ny mpianatra. Mety ilay heviny no zarainy na koa ny hevitra ny namany

Mieritreritra-Mikaon-doha-Mizara

Dingana arahina

1. Mametraka fanontaniana ny mpampianatra
2. Ny tsirairay dia **mieritreritra** ny valin'ny fanontaniana (Azonao angatahina ny mpianatra hanoratra ny heviny)
3. Mikaon-doha miaraka amin'ny tarika misy azy ny mpianatra ka mizara ny heviny ao
4. Mizara ny heviny amin'ny kilasy iray manontolo ny mpianatra. Mety ilay heviny no zarainy na koa ny hevitra ny namany. Avereno jerena ny torohevitra ny Mieritreritra-Miaraka tsiroaroa-Mizara mba angalanao hevitra momba ny teknikan'ny fizarana.

Tsipiky ny lenta (Continuum)

Dingana arahina

- 1- Mametraka fanontaniana na olana ny mpampianatra izay mety hanana “vahaolana” roa mifanipaka
- 2- Maneho sary an-tsaina (na tena izy) tsipika iray ny mpampianatra izay miala amin’ny andanin’ny efitrano fianarana mankany amin’ny ankilany.
- 3- Samy mieritreritra ny mpianatra hoe aiza ho aiza eo amin’iny tsipika(continuum) iny no tokony hipetraka ny valim-panontaniana
- 4- Samy miala amin’ny toerany ny mpianatra ka mijoro eo amin’izay heveriny hisy ny valim-panontaniana ao ambonin’ny “continuum”
- 5- Mitohy amin’ny adi-hevitra ny lakilasy. Fomba mety itondrana ny adi-hevitra ny mizara ny mpianatra tsiroaroa aloha, milaza ny heviny, ary milaza ny valim-panontanian’ny namany. Ity adi-hevitra tsiroaroa ity dia azo itarina ho adi-hevitra isan’antokony na itambaran’ny kilasy iray manontolo.

Indreto misy fomba telo ahazahoana ny mpianatra hilahatra tsiroaroa

- A. Asaivo mitodika any amin’ny olona eo akaikiny
- B. Mikisaka. Zarao roa mitovy tsara ilay tsipika teo; asaivo mifanatrika ary asaivo mikisaka ny laharana iray mandra-pahatonga ny olona iray hifanitsy amin’ny olona iray hafa.
- D. Akatona. Ny tendrony roa no asaina mifanatona. Ireo ambiny kosa asaivo “manara-dia” mandra-pahatonga ny olona iray hifanatrika amin’ny olona iray hafa.

Boky nanovozan-kevitra

Anderson, L. and Karthwohl, D., editors. (2001) *A taxonomy for learning, teaching, and assessing : a revision of Bloom's taxonomy of educational objectives*. New York :

Longman.

Arend, R. (1991) *Learning to teach*. Second edition, New York: McGraw=Hill, Inc.

Armstrong, T. (2000). *Multiple intelligences in the classroom*. Alexandria, VA: Association for Supervision and Curriculum Development.

Borich, G. (1992) *Effective teaching methods*. Second edition, New York: Merrill.

Brophy, J. (1981). *Teacher praise: a functional analysis*. Review of Educational Research, 51, 5-32.

Brownlie, F. and King, J. (2000). *Learning in safe schools : creating classrooms where all*

students belong. Markham, ON: Pembroke Publishers ; York, ME: Distributed in the U.S. by Stenhouse Publishers.

Buckalew, M. (1992). *Twenty principles for teaching excellence: the teacher's workbook*. Wilmington, DE: Research for School Management.

Burton, L.D, Paroschi, E. E., Habenicht, D. J., and Hollingsead, C. C. (2006). Curriculum design and children's learning at church. *Religious Education*, Winter Issue 2006.

Charles, C.M. (1991). *Building classroom discipline*. Fourth Edition. White Plains, NY: Longman.

Cooper, J. (ed) (1990) *Classroom teaching skills*. 4th ed. Lexington, MA : D.C. Heath and Company.

Costa, A. L. and Kallick, B., editors. (2000) *Assessing & reporting on habits of mind*. Alexandria, VA: Association for Supervision and Curriculum Development.

Davidman, L. and Davidman, P. (1994) *Teaching with a multicultural perspective: A practical guide*. New York: Longman.

Davis, B., Sumara, D., and Luce-Kapler, R. (2000). *Engaging minds : learning and teaching in a complex world*. Mahwah, NJ: L. Erlbaum Associates.

Eggen, P. D. and Kauchak, D. P. (2001). *Strategies for teachers : teaching content and thinking skills*. Boston : Allyn and Bacon.

Gagne, R. M. (1971). "The learning of concepts." In M. David Merrill (Ed.) *Instructional design: readings*. Englewood Cliffs, NJ: Prentice-Hall.

_____. "Analysis of objectives." (1977). In L. J. Briggs (Ed.) *Instructional design: principles and application*. Englewood Cliffs, NJ: Educational Technology Publications.

IICM Training Syllabus – Teaching Principles Page 60 of 61

_____. Briggs, L. and Wagner, W. (1992) *Principles of Instructional design*. Fourth edition, Orlando, FL: Harcourt Brace Jovanovich College Publishers.

Gardner, H. (1993). *Frames of mind: The theory of multiple intelligences*. New York: Basic Books.

Gill, V. (2001). *The eleven commandments of good teaching : creating classrooms where teachers can teach and students can learn*. Thousand Oaks, CA : Corwin Press.

Habenicht, D. J. & Burton, L. (2004). *Teaching the Faith: An Essential Guide to*

Raising Faith-shaped Kids, Hagarstown, MD: Review & Herald Publishing Association.

Jacobsen, D. (2002). *Methods for teaching : promoting student learning*. Upper Saddle River, NJ: Merrill/Prentice Hall.

Jones, F. (1987). *Positive classroom instruction*. New York: McGraw-Hill Book Company.

Jones, F. (2000). *Tools for Teaching*. Santa Cruz, CA: Fredric H. Jones & Associates, Inc.

Joyce, B., Weils, M., with Calhoun, E. (2004). *Models of teaching, 7th Ed.* Boston: Allyn and Bacon.

Kagan, S. (1997). *Cooperative learning*. San Juan Capistrano, CA: Resources for teachers.

Kauffman, J., Mostert, M., Nuttycombe, D., Trent, S., and Hallahan, D. (1993). *Managing Classroom Behavior*. Boston: Allyn and Bacon.

Kauchak, D. and Eggen, P. (1993). *Learning and teaching: research-based methods*. Second edition, Boston: Allyn and Bacon.

Larson, R. & Larson, D. (1996). *Project affirmation: Teaching values*. Riverside, CA: La Sierra University Press.

Marzano, R. J. and Pickering, D. (1997). *Dimensions of Learning: Teacher's Manual, 2nd Edition*. Alexandria, VA: Association for Supervision and Curriculum Development.

Marzano, R. J. (2001). *Classroom instruction that works : research-based strategies for increasing student achievement*. Alexandria, VA: Association for Supervision and Curriculum Development.

Newton, D. P. (2000). *Teaching for understanding : what it is and how to do it* . London and New York : Routledge/Falmer.

Reigeluth, C.M. (1999). *Instructional-design Theories and Models*. Mahwah, NJ: Lawrence Erlbaum Associates, Publishers.

Riegle, R.P. (1976). "Classifying classroom questions." *Journal of teacher education*. 27, 156-161.

IICM Training Syllabus – Teaching Principles Page 61 of 61

Routman, R. (2000). *Conversations : strategies for teaching, learning, and evaluating*. Portsmouth, NH : Heinemann.

Tileston, D. W. (2000) *10 best teaching practices : how brain research, learning styles, and standards define teaching competencies*. Thousand Oaks, CA: Corwin Press.

Vermette, P.J. (1998). *Making Cooperative learning work: Student teams in K-12 classrooms*. Columbus, OH: Merrill, Prentice Hall.

Weis, L. and Fine, M., editors. (2000). *Construction sites : excavating race, class, and gender among urban youth* . New York : Teachers College Press.

White, E.G. (1968). *Counsels on Education*. Mountain View, CA: Pacific Press Publishing Association.

White, E.G. (1943). *Counsels to Parents, Teachers, and Students*. Mountain View, CA: Pacific Press Publishing Association.

White E.G. (1952). *Education*. Mountain View CA: Pacific Press Publishing Association.

White, E.G. (1923). *Fundamentals of Christian Education*. Nashville: Southern Publishing Association.